## TATITRY

# Ny atrikasa savaranonando mialohan'ny fikaondaham-pirenena hanavaozana ny fitantanana ny fifidianana





28 29 30 Mai 2026
CCI Ivato

# FIZAHAN-TAKELA

**I. TENY FAMPIDIRANA** **03**
**II. TANJON'NY ATRIKASA** **04**
Tanjona ankapobeny : 04
Tanjona manokana: 04

**III. VOKATRA NANDRASANA** **05**

**IV. FOMBA FANATANTERAHANA** **05**

**V. MPANDRAY ANJARA SY MPISEHATRA** **06**

Mpandray anjara: 06
Antontanisa momba ny fandraisana fitenenana sy ireo tolo-kevitra an-tsoratra : 07

**VI. FAMINTINANA NY ADIHEVITRA ISAKY NY LOHAHEVITRA 08**

Lohahevitra Voalohany : Lisitry Ny Mpifidy 09
Lohahevitra Faha-2 : Tetiandrom-Pifidianana / Datin'ny Fifidianana 12
Lohahevitra Faha-03 : Firotsahan-Kofidiana 15
Lohahevitra Faha-04 : Fampielezan-Kevitra 18
Lohahevitra Faha-05 : Fizotran'ny Fifidianana 21
Lohahevitra Faha-06 : Fikirakirana Ny Voka-Pifidianana 24
Lohahevitra Faha-07 : Ady Sy Fandikan-Dalàna Ara-Pifidianana 26
Lohahevitra Faha-08 : Fanarahamaso Ny Fifidianana 28
Lohahevitra Faha-09 : Fandraisan'anjaran'ny Rehetra / Fampiatiana 30
Lohahevitra Faha-10 : Fehezan-Dalana Mifehy Ny Fifidianana 33
Lohahevitra N°11 : Rafitra Misahana Ny Fitantanana Ny Fifidianana (Oge / Ceni) 36

**VII. FAMARANANA ANKAPOBENY** **38**






**Mr RAKOTONARIVO Manantsoa Thierry,**
Filohan'ny CENI

# I. FAMPIDIRANA

Hatramin'ny volana Oktobra 2025, dia niditra tao anatin'ny dingana antsoina hoe Fanavaozana Fototra ny Repoblika i Madagasikara, izay hanovana sy hanarenana ny rafitry ny andrim-panjakana ao anatin'ny  24 volana. Noho izany dia ho tanterahina ny dinika nasionaly, handrafetana Lalàmpanorenana vaovao, hanatanterahana fanavaozana eo amin'ny sehatryny fifidianana sy ny andrim-panjakana, ary hikarakarana ny fifidianana Filoham-pirenena kasaina hatao amin'ny taona 2027. Izany dia vokatry ny fitakiana nataon'ny vahoaka, indrindra noho ny hetsika notarihin'ny « Génération Z » sy notohanan'ireo vondrona samihafa, izay nitaky fiovana maharitra sy fialana amin'ireo fomba fitantanana sy fitondrana efa nisy hatramin'izay.Ny Fandaharan'asa Fanavaozana, izay natolotra tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny delegasionan'ny SADC ny 28 Febroary 2026, dia mametraka fa ny fifampidinihana nasionaly no hanapa-kevitra ka ny rafitra hapetraka dia miainga eny ifotony ka miakatra hatrany amin'ny sehatra nasionaly. Manokatra sehatra tsy dia fahita firy ho an'ny fanorenana rafitra ara-dalàna vaovao izany zotra izany, satria ireo fepetra horaisina momba ny demokrasia, ny fitovian-jo sy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy, ary ny fitantanana ny fifidianana dia hametraka izay ho rafitra andrim-panjakan'i Madagasikara amin'ny ho avy.

Nanomboka tamin'ny volana Desambra 2025 ny fifampidinihana ary efa nisy ny dingana fandaminana sy fandrindrana miandalana, izay nahitana ny fanatanterahana fifampidinihana isam-pisehatra natao misaraka, anisan'izany ny teo anivon'ny hery fiarovana sy filaminana,ny sehatra tsy miankina ary ny tanora. Efa natomboka ihany koa ny hetsika manokana ho an'ny tanora tamin'ny alalan'ny Fifampidinihana Nasionalin'ny Tanora, izay natomboka tamin'ny volana Aprily 2026. Izy io dia tohanan'ny rafitra ara-teknika voalamina sy atrikasa fanomanana natomboka tamin'ny volana Febroary 2026.

Momba ny fanavaozana ny rafitra fifidianana kosa, dia antsoina ny vahoaka malagasy, indrindra ireo mpisehatra ara-politika, ara-tsosialy ary ara-toekarena, mba hihoatra ny tombontsoa manokana, ka hampisokatra ny adihevitra tanterahina ao anatin'ny fifampitokisana, ny fifanarahana ary ny fikatsahana ny tombontsoa ambonin'ny Firenena. Manoloana izany, ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI), miaraka amin'ny Minisitera misahana ny Fanavaozana, dia naka ny andraikitra tandrify azy tamin'ny fanokafana mialoha fifanakalozan-kevitra voarindra mikasika ireo fanavaozana ireo, alohan'ny hanatanterahana ny dinika. Ny tanjona amin'izany dia ny handraisan'ny rehetra anjara amin'ny fomba mahomby sy manorina amin'ireo adihevitra izay hitarika amin'ny fanatanterahana ireo soso-kevitra sy tolo-kevitra samihafa havoakan'ireo mpandray anjara mandritra ny dingana.

# II.TANJON'NY ATRIKASA

## Tanjona ankapobeny :

Ny atrikasa mialoha ny dinika dia mikendry indrindra ny hampitombo sy hanamafy ny fahatakaran'ireo mpandray anjara rehetra voakasiky ny dingan'ny fifidianana ireo tolo-kevitra avy amin'ny iraka mpanara-maso ny fifidianana, ireo zava-misy niainana, ary ireo fanamby sy olana atrehan'ny rafitra misahana ny fifidianana, mba hahazoan'izy ireo mandray anjara ao anatin'ny fahalalana sy fahazavan-tsaina mandritra ny dinika nasionaly manaraka, ka hahafahany mamolavola soso-kevitra fanavaozana sahaza sy mifanaraka amin'ny filàn'ny Firenena.

## Tanjona manokana

Ny atrikasa dia mikendry manokana ny mba:

- hahazoana fahalalana mahakasika ireo rafitra ara-dalàna mifehy ny fifidianana sy ireo tolo-kevitra fototra efa navoakan'ireo iraka mpanara-maso ny fifidianana eto an-toerana sy iraisam-pirenena, ary koa ireo atrikasa tomban'ezaka notanterahin'ny CENI;
- hifampizarana ireo zava-misy niainana, ary ireo tsy fetezana sy/na tsy fanarahan-dalàna voamarika nandritra ny zotram-pifidianana ;
- hampitomboana ny fahalalana sy fampiasana ireo fotokevitra iraisam-pirenena iorenan'ny fifdianana manara-penitra;
- hamantarana ireo fomba fanao any amin'ny firenena hafa ;
- hamantarana ireo elanelana mety misy eo amin'ny zavamisy, ny fanao sy ny fanamby atrehina eto Madagasikara, sy ny fenitra nasinaly sy iraisam-pirenena ;
- hananana fahatakarana iraisana, mazava ary mifototra amin'ny vaovao marina momba ireo fanamby sy olana mifandraika amin'ny fanavaozana ny rafi-pifidianana ;
- hamolavolana tolo-kevitra mifanaraka amin'ny fanitsiana ireo tsy fetezana voamarika, sy hansraisana an-tanana ny toe-javamisy eto amin'ny Firenena.




**RAKOTONANDRASANA Hanitra Velonjara Tiaray**
Ministre de l'Interieur et de la Décentralisation

# III.VOKATRA NANDRASANA

Ireto vokatra manaraka ireto no nandrasana rehefa nanomana ny atrikasa:

- hisy fahatakarana iraisana momba ireo fanamby lehibe atrehina amin'ny fitondrana fifidianana eto Madagasikara;
- ho voafaritra ireo sakana sy olana ara-dalàna, ara-panjakana, ara-teknika ary ara-panatanterahana sedraina mandritra ny fizotry ny fifidianana manontolo ;
- hisy tolokevitra fanavaozana mikasika indrindra ny lisitry ny mpifidy, ny tetiandrom-pifidianana, ny firotsahan-kofidiana, ny fampielezan-kevitra, ny fizotry ny latsa-bato, ny fikarakarana sy fanambarana ny voka-pifidianana, ny ady sy fitoriana mifandraika amin'ny fifidianana, ny fanaraha-maso ny fifidianana, ny fampandraisana anjara ny rehetra tsy an-kanavaka, ny Fehezan-dalàna mifehy ny Fifidianana ary ny rafi-pitantanana misahana ny fifidianana ;
- hanao fintina mirindra ireo fandraisana anjara sy soso-kevitra nentin'ireo mpandray anjara rehetra ;
- Hanaparitaka ny fintina ho entina manomana ny fandinihana sy fifampidinihana nasionaly ho avy mikasika ny fanavaozana ny rafitra ara-dalàna mifehy ny fifidianana.

# IV. FOMBA FANATANTERAHANA

Naharitra telo andro ny atrikasa ary notanterahina tamin'ny alalan'ny fomba fiasa andraisan'ny rehetra anjara, izay nanome lanja ny fifanakalozan-kevitra, ny fizarana traikefa ary ny fitadiavana vahaolana iaraha-manaiky.
Taorian'ny lanonam-panokafana tamin'ny fomba ofisialy dia nasaina nandinika lohahevitra iraika ambin'ny folo (11) mahakasika ny dingana rehetra amin'ny zotra ara-pifidianana ny mpandray anjara, dia ireto avy izany:

1. Ny lisitry ny mpifidy ;
2. Ny tetiandro sy ny datin'ny fifidianana ;
3. Ny firotsahan-kofidiana ;
4. Ny fampielezan-kevitra;
5. Ny fizotry ny latsa-bato ;
6. Ny fikirakirana ny voka-pifidianana ;
7. Ny ady sy fandikan-dalàna ara-pifidianana ;
8. Ny fanaraha-maso ny fifidianana ;
9. Ny fandraisan'anjaran'ny rehetra sy ny fampiatiana ;
10. Ny Fehezan-dalàna mifehy ny fifidianana ;
11. Ny rafitra misahana ny fitantanana ny fifidianana.

Nifantoka tamin'ireto lafiny manaraka ireto ny fifanakalozan-kevitra :

- ireo ahiahy sy fanamby nambaran'ny mpandray anjara ;
- ireo olana sy fahasahiranana hita nandritra ireo fifidianana teo aloha ;
- ireo fanamby ara-dalàna, ara-panjakana ary ara-teknika voamarina ;
- ireo tolo-kevitra mikasika ny fanavaozana sy fanatsarana natolotry ny mpisehatra samihafa.

Ankoatr'izany, dia nisy ny fandraisan'anjaran'ireo manampahaizana malagasy sy vahiny izay nizara ny Famakafakana sy ny traikefany avy amin'ny sehatra sy toe-javatra samihafa tany amin'ny firenena maro, indrindra mikasika ny fampielezan-kevitra ara-pifidianana, ny fitsarana ny ady ara-pifidianana, ny fampiatiana ary ny fitantanana ny fifidianana ataon'ireo rafitra misahana izany.
Nandritra ny adihevitra reheetra dia nisongadina ny fisian'ny marimaritra iraisana momba ireo tari-dalana lehibe maro, indrindra fa :

- ny fanavaozana, fanamafisana ny fahamarinan-toerana ary ny fiarovana ny lisitry ny mpifidy ;
- ny fanamafisana ny fahaleovantena, ny fahombiazan'ny asa ary ny fahatokisana ireo andrim-panjakana misahana ny fifidianana ;
- ny fandrindrana sy fanamafisana ny fahamarinan'ny tetiandrom-pifidianana ;
- ny fanatsarana ny mangarahara amin'ny fanangonana, fanamafisana ary famoahana ny voka-pifidianana ;
- ny fanamafisana ireo rafitra momba ny fitsarana ara-pifidianana ;
- ny fampiroboroboana ny fampiatiana sy ny fandraisan'anjaran'ny olom-pirenena ;
- ny fanatsarana ny etika sy ny fahitsiana eo amin'ny fifaninanana ara-pifidianana ary ny famatsiam-bola ara-politika ;
- ny fampidirana tsikelikely ireo fanavaozana ara-teknolojia eo amin'ny fitantanana y raharaham-pifidianana.

# V. MPANDRAY ANJARA SY MPISEHATRA

## Mpandray anjara :

Nahitana mpandray anjara miisa 216 avy amin'ireo sokajin'olona sy andrim-panjakana samihafa voakasiky ny fizotran'ny fifidianana ny atrikasa, ka nizara toy izao manaraka izao :

- 53 avy amin'ireo antoko politika ;
- 25 avy amin'ireo andrim-panjakana sy ministera ;
- 07 avy amin'ireo fitsarana misahana ny raharaham-pifidianana ;
- 13 avy amin'ireo tompon'andraikitra ara-pifidianana teo aloha ;
- 34 avy amin'ireo firaisamonim-pirenena ;
- 03 avy amin'ireo fikambanan'ny olona manana fahasembanana sy solontenan'ireo vondrona marefo ;
- 13 avy amin'ireo mpanao gazety sy matihanina eo amin'ny sehatry ny haino aman-jery ;
- 04 avy amin'ireo solontenan'ny Fanjakana ;
- 28 avy amin'ny CENI Foibe sy mpanohanana ;
- 12 avy amin'ireo rantsamangaikan'ny CENI ;
- 07 avy amin'ireo tompon'andraikitra ara-pivavahana, olo-manan-kaja eny amin'ny fiaraha-monina, sendikà ary fikambanana matihanina ;
- 03 avy amin'ireo mpisehatra ivelany nasaina ;
- 10 avy amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola ;
- 04 mpandrindra sy mpanamora ny atrikasa.

Nanatsara ny adihevitra sy ny fifanakalozan-kevitra ny fandraisan'anjara mavitrik'ireo sokajin'olona sy andrim-panjakana samihafa, ary nahafahana nanangona hevitra sy tolo-kevitra maro, na tamin'ny alalan'ny fanehoan-kevitra am-bava izany na tamin'ny alalan'ny fanolorana an-tsoratra.

## Antontanisa momba ny fandraisana fitenenana sy ireo tolo-kevitra an-tsoratra :

Nandritra ny atrikasa dia maro ireo nandray fitenenana sy nanolotra tolo-kevitra an-tsoratra mikasika ireo lohahevitra samihafa voarakitra tao anatin'ny fandaharam-potoana. Toy izao manaraka izao ny antontanisa voaray tamin'ny fotoan'ny atrikasa :


- Lohahevitra 01 : Lisitry ny mpifidy : fandraisana fitenenana 47 ary tolo-kevitra an-tsoratra 30 ;
- Lohahevitra 02 : Tetiandro sy datin'ny fifidianana : fandraisana fitenenana 28 ary tolo-kevitra an-tsoratra 17 ;
- Lohahevitra 03 : Firotsahan-kofidiana : fandraisana fitenenana 13 ary tolo-kevitra an-tsoratra 15 ;
- Lohahevitra 04 : Fampielezan-kevitra: fandraisana fitenenana 22 ary tolo-kevitra an-tsoratra 48 ;
- Lohahevitra 05 : Fizotry ny latsa-bato : fandraisana fitenenana 29 ary tolo-kevitra an-tsoratra 35 ;
- Lohahevitra 06 : Fikirakirana ny voka-pifidianana : fandraisana fitenenana 27 ary tolo-kevitra an-tsoratra 34 ;
- Lohahevitra 07 : Ady sy fifanolanana ara-pifidianana : fandraisana fitenenana 29 ary tolo-kevitra an-tsoratra 02 ;
- Lohahevitra 08 : Fanaraha-maso ny fifidianana : fandraisana fitenenana 26 ary tolo-kevitra an-tsoratra 10 ;
- Lohahevitra 09 : Fampiatiana sy fandraisan'anjaran'ny rehetra : fandraisana fitenenana 24 ;
- Lohahevitra 10 : Fehezan-dalàna mifehy ny fifidianana : fandraisana fitenenana 01 ;
- Lohahevitra 11 : Rafitra misahana ny fitantanana ny fifidianana : fandraisana fitenenana 39.



# Ny atrikasa amin'ny tarehimarika

| | | | |
|---|---|---|---|
| 216 | 3 | 11 | 285+ |
| MPIANDRAY ANJARA | ANDRO NIASANA | LOHAHEVITRA | FIZARANA HEVITRA |

## Ny karazana mpandray anjara voasolo tena




## Lohahevitra nodinihina






# VI. FAMINTINANA NY ADIHEVITRA ISAKY NY LOHAHEVITRA





# LOHAHEVITRA VOALOHANY : LISITRY NY MPIFIDY

## 1. Votoatin'ny fifanakalozan-kevitra

Nifantoka tamin'ny fahamarinan-toerana, ny fahafenoana, ny mangarahara ary ny fahatokisana ny lisitry ny mpifidy eto Madagasikara ny fifanakalozan-kevitra. Nandinika ireo lesoka sy tsy fahatomombanana eo amin'ny fombafomba fanisana mpifidy sy lisitry ny mpifidy ny mpandray anjara. Nisy koa ny ady hevitra momba ny fanavaozana ilaina mba hiantohana fifidianana mangarahara, mampiaty ary azo itokisana kokoa.

## 2. Famakafakana ny fifanakalozan-kevitra nataon'ny mpandray anjara

***a. Olana ankapobeny nambaran'ny mpandray anjara***

- Tsy azo itokisana loatra ny fomba fanisana mpifidy.
- Tsy ampy ny fandrindrana sy ny fiaraha-miasan'ny CENI, ny fokontany, ny kaominina ary ny sampan-draharaham-panjakana misahana ny sora-piankohonana.
- Maivana ny serasera sy ny fanentanana momba ny fifidianana.
- Tsy ampy ny fahatokisan'ny ampahany amin'ny vahoaka, indrindra ny tanora, ireo andrim-panjakana misahana ny fifidianana.
- Mety hisy hosoka.

***b. Zava-misy niainana sy olana voamarika***

- Misy olom-pirenena tsy tafiditra ao anaty lisitry ny mpifidy.
- Mbola ahitana olona efa nodimandry na olona voasoratra anarana imbetsaka ao anatin'ny lisitra.
- Misy dika mitovy (doublons) sy tsy fahatomombanana samihafa ao anatin'ny lisitry ny mpifidy.
- Misy tsindry ara-politika mahazo ireo mpikambana ao amin'ny CLRE sy ireo sefom-pokontany.
- Misy fahaverezana na fanjavonan'ireo antontan-taratasy fisoratana anarana.
- Tsy ampy ny olona, ny fitaovana ary ny tetibola eo anivon'ireo rafitra eny ifotony manatanteraka ny fanisana mpifidy.
- Misy fahasahiranana mifandray amin'ny sora-piankohonana sy ny fivezivezen'ny mponina.
- Tsy ampy ny tambin-karama ka mety hampitombo ny kolikoly.

***d. Fomba fanao tsara sy traikefa nozaraina***

- Fampiasana takelaka nomerika (tablettes) nandritra ny asa fanisana sy fisoratana anarana ny mpifidy.
- Traikefa nahomby ananan'ny INSTAT tamin'ny fanatanterahana ny Fanisam-bahoaka ankapobeny sy ny fanisam-ponenana (RGPH) tamin'ny alalan'ny fitaovana nomerika.
- Fanatanterahana fanaraha-maso sy fanombanana (audit) ny lisitry ny mpifidy.
- Fampirantiana ampahibemaso ny lisitry ny mpifidy eny anivon'ny fokontany.
- Fandraisan'anjaran'ireo antoko politika sy fikambanana sivily amin'ny fanaraha-maso ny fizotran'ny fifidianana.
- Fampiasana ekipa mpivezivezy misahana ny fisoratana anarana any amin'ireo faritra lavitra sy sarotra aleha.

## 3. Fironan-kevitra ankapobeny nandritra ny adihevitra

***Ireo hevi-dehibe nahitana marimaritra iraisana***

- Ilaina ny fampitomboana ny fahitsiana sy ny fahamarinan'ny lisitry ny mpifidyny lisitry ny mpifidy.
- Tokony haparitaka tsikelikely manerana ny firenena ny fampiasana ny biometria.
- Ilaina ny fanamafisana ny mangarahara sy ny fanaraha-maso ataon'ny olom-pirenena.
- Tokony hatsaraina ny fandrindrana sy ny fiaraha-miasan'ny CENI, ny sampan-draharaham-panjakana misahana ny sora-piankohonana ary ny vondrom-bahoakam-paritra.
- Mila hamafisina ny fanentanana sy ny fanabeazana ny olom-pirenena.
- Tokony hisy fanaraha-maso sy fanombanana (audit) mahaleo tena ary atao tsy tapaka.
- Ilaina ny fanavaozana ara-ka-

ji-mirindra ny rafitra ara-pifidianana.
- Tokony hisy ny fisoratana anarana mandeha ho azy ho an'ireo olom-pirenena mahafeno fepetra

***Ireo teboka niteraka adihevitra na nanehoana fisalasalana***

- Ny fitazonana ny CENI amin'ny endriny ankehitriny sa ny fanaovana fanavaozana lalina ny rafitra sy ny fomba fiasany.
- Ny fanavaozana ny firafitry ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC).



**Hery RAKOTOMANANA,**
Ancien Président de la CENI



**DAMA Arsène Andrianisedo,**
Ancien Président de la CENI

- Ny fanafoanana na fitazonana ny karatry ny mpifidy.
- Ny fanaovana ho adidy tsy maintsy tanterahina ny fifidianana sy ny fisoratana anarana
ao anaty lisitry ny mpifidy.
- Ny fahafaha-manatanteraka ara-teknika sy ara-bola ny fampidirana tanteraka ny biometria.
- Ny anjara toerana tokony homena ireo sefom-pokontany eo amin'ny fitantanana ny raharaham-pifidianana.
- Ny fitazonana na fanafoanana ny andininy faha-42 ao amin'ny Lalàna fehizoro mifehy ny Fitondrana Ankapobeny ny Fifidianana sy ny Fitsapan-kevi-bahoaka, izay mikasika ireo tranga manokana ahafahana manova ny lisitry ny mpifidy na dia efa mihatra aza ny fampiatoana (gel) izany lisitra izany.

## 4. Fanamby voafaritra

***Fanamby araka ny lalàna***

- Misy manjavozavo ny fepetra sasantsasany mifehy ny fifidianana, indrindra ny andininy faha-42 ao amin'ny lalàna lf 2018-008.
- Misy fifanoherana eo amin'ireo lahatsoratra ara-dalàna samihafa mifehy ny fizotran'ny fifidianana.
- Marefo ny fombafombam-pitsarana, ny fitarainana ary ny fanaraha-maso.
- Ilaina ny hazavaina bebe kokoa ny andraikitra sy ny fahefan'ireo andrim-panjakana voakasika.
- Mila soratana sy velabelarina anaty lalàna ny fampiasana ny biometria sy ny fiarovana ny angon-drakitra manokan'ny olom-pirenena.

***Fanamby ara-panatanterahana***

- Fanamafisana ny fahamarinan'ny antontan-kevitra ara-pifidianana.
- Fanafoanana ireo fisoratana anarana miverimberina (doublons) sy ireo fisoratana anarana tsy manara-dalàna.
- Fanavaozana tsy tapaka ny lisitry ny mpifidy.
- Fijerena manokana ireo toerana lavitra sy saro-dalana.
- Fanamafisana ny fahaiza-manao ara-teknikan'ireo rafitra eny ifotony.
- Fiarovana ny tahiry sy banky angon-drakitra ary fisorohana ny hosoka sy fanodinkodinana.

***Fanamby ho an'ny andrim-panjakana***

- Fanamafisana ny fahatokisana sy ny fahaleovantenan'ny CENI.
- Tsy fahampian'ny fandrindrana sy fiaraha-miasa eo amin'ireo andrim-panjakana samihafa.
- Mbola ambany ny fandraisan'anjaran'ny mpisehatra sasany eny anivon'ny von-

drom-bahoaka ifotony.

- Ilaina ny famaritana mazava ny anjara andraikitra sy ny fahefan'ny Fanjakana, ny CENI, ny fokontany, ny firaisamonim-pirenena ary ny antoko politika eo amin'ny fitantanana ny raharaham-pifidianana.

## 5. Tolo-kevitra naroso

***Tolokevitra mikasika ny lalàna***

- Fanavaozana na fanafoanana ny andininy faha-42.
- Fanamafisana ny sazy mihatra amin'ireo manao hosoka ara-pifidianana.
- Fanazavana sy fanatsarana ny fomba fitoriana sy fanoherana ny voka-pifidianana.
- Fanomezana antoka ara-dalàna ny fampiatoana (gel) ny lisitry ny mpifidy araka ny fepetra voafaritra.

***Fandaminana ara-panjakana***

- Fanamafisana ny fandrindrana sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny CENI, ny sampan-draharaham-panjakana misahana ny sora-piankohonana ary ny Minisiteran'ny Atitany.
- Fanamafisana ny anjara toeran'ny fokontany ho rafitra fototra amin'ny fitantanana ny antontan-kevitra ara-pifidianana.
- Fandinihana ny famoronana rafitra manokana misahana ny fitantanana ny lisitry ny mpifidy.
- Fanazavana mazava kokoa ny fizarana andraikitra sy fahefana eo amin'ireo andrim-panjakana voakasika.

***Fitantanana ara-panjakana***

- Fisoratana anarana mandeha ho azy ho an'ireo olom-pirenena vao feno 18 taona.
- Fanavaozana tsy tapaka ny lisitry ny mpifidy.
- Fanapariahana eny ifotony ny asa fanavaozana sy fanitsiana ny lisitra.
- Fanatsarana ny tambin-karama sy ny fitaovana enti-miasa ho an'ireo rafitra misahana ny fifidianana.

***Tamberin'andraikitra sy fanaraha-maso***

- Fanatanterahana fanaraha-maso sy fanombanana (audit) mahaleo tena sy ara-potoana.
- Famoahana ampahibemaso sy tsy tapaka ny vokatry ny Famakafakana sy fanaraha-maso.
- Fanamafisana ireo rafitra fanaraha-maso ataon'ny olom-pirenena.
- Fampitomboana ny fandraisan'anjaran'ny antoko politika sy ny fikambanana sivily amin'ny fanamarinana ny lisitry ny mpifidy.

***Teknolojia***

- Fampiasana ny biometria.
- Fanodinana ho nomerika tanteraka ny asa fanisana sy fisoratana anarana ny mpifidy.
- Fampiasana takelaka nomerika (tablettes).
- Fampifandraisana ireo tahiry sy banky angon-drakitra ara-panjakana samihafa.
- Famoronana banky angon-drakitra ara-pifidianana tokana sy mirindra.
- Fananganana sehatra nomerika ahafahan'ny olom-pirenena manamarina lavitra ny fisoratany anarana ao anatin'ny lisitry ny mpifidy.

***Fampiatiana***

- Fanamafisana ny fanabeazana ho olom-pirenena, indrindra ho an'ny tanora, ny vehivavy.
- Fanatanterahana fanentanana maharitra sy mitohy.
- Fanamorana ny fomba fisoratana anarana indrindra ho an'ny olona manan fahasembanana sy ny fametrahana fitarainana.
- Fanatsarana ny fahafahan'ny mponina any ambanivohitra sy amin'ireo faritra mitoka-monina sy saro-dalana misitraka ny tolotra ara-pifidianana.
- Fampandraisana anjara bebe kokoa ny tanora, ny vehivavy ary ny fikambanana olom-pirenena amin'ny asa fanentanana sy fanabeazana.

***Mangarahara***

- Famoahana tsy tapaka ny antontanisa momba ny fisoratana anarana sy ny fanesorana anarana ao amin'ny lisitry ny mpifidy.
- Fanamorana ny fijerena ny lisitry ny mpifidy.
- Fanamarinana ampahibemaso ny lisitra eny ifotony.
- Fampahafantarana ampahibemaso ireo fanapahan-kevitra misy fiantraikany amin'ny lisitry ny mpifidy.
- Fanamafisana ny serasera ataon'ireo andrim-panjakana voakasika.

## Fehinkevitra momba ny Lohahevitra laharana voalohany : Lisitry ny mpifidy

Nasehon'ny adihevitra fa misy fironana matanjaka sy marimaritra iraisana manohana ny fanavaozana lalina ny fitantanana ny lisitry ny mpifidy. Ireo fanavaozana ireo dia mifototra indrindra amin'ny fampiasana ny biometria, ny fanodinana ho nomerika ny angokevitra, ny fampifandraisana azy amin'ny sora-piankohonana, ny fanamafisana ny mangarahara ary ny fampiroboroboana ny fandraisan'anjaran'ny olom-pirenena.

Nisongadina fa ny famerenana sy fanamafisana ny fitokisan'ny mpifidy no tanjona fototra iraisan'ireo sosokevitra rehetra naroso.

## LOHAHEVITRA FAHA-2 :

# TETIANDROM-PIFIDIANANA / DATIN'NY FIFIDIANANA



### 1. Votoatin'ny fifanakalozan-kevitra

Nifantoka tamin'ny tsy fiovaovana, ny fahafantarana mialoha mialoha, ny maha-ara-dalàna ary ny fampifanarahana ny tetiandrom-pifidianana amin'ny zava-misy ara-politika, ara-toetr'andro, ara-pitaovana, ara-tsosialy ary ara-toekaren'i Madagasikara ny fifanakalozan-kevitra.
Nodinihin'ny mpandray anjara ihany koa ireo fepetra ahafahana mametraka datin'ny fifidianana mazava, fantatra mialoha, sarotra ovaina amin'ny fomba tsy ara-drariny na araka ny sitrapo politika, ary manamora ny fandraisan'anjaran'ny olom-pirenena amin'ny fifidianana.

### 2. Famakafakana ny fifanakalozan-kevitra nataon'ny mpandray anjara

***Olana ankapobeny nambaran'ny mpandray anjara***

- Fiovaovan'ny datin'ny fifidianana ary fiahiana ny fanovana tampoka na ara-politika ny tetiandro.
- Tsy fisian'ny daty raikitra mazava sy fantatra mialoha ho an'ny karazana fifidianana tsirairay.
- Matetika ny fifidianana no atao mandritra ny fotoam-pahavaratra, akaikin'ny fety na amin'ny fotoana tsy ahafahan'ny mpifidy maro manatrika.
- Sarotra ny fidirana amin'ny faritra sasany noho ny fitokana-monina, ny faharatsian'ny lalana, ny fiakaran'ny rano ary ny olana ara-pitaovana.
- Heverina ho fohy loatra ny fe-potoana fiantsoana ny mpifidy, ka manasarotra ny fanomanana ho an'ny kandidà sy ny fanentanana ny mpifidy.
- Lafo loatra ny fandaminana fifidianana misaraka, ary misy fiankinana be amin'ny famatsiam-bola avy any ivelany.
- Tsy ampy ny fandinihana ny zava-misy ara-pivavahana, ara-kolontsaina, ara-piasana ary ara-pambolena amin'ny famaritana ny andro latsa-bato.
- Heverina ho mbola tsy ampy ny fahaleovantenan'ny CENI amin'ny famaritana ny tetiandrom-pifidianana sy ny fitantanana ny vola amin'ny fifidianana.
- Mihena ny fahavononan'ny mpifidy, indrindra rehefa mifanindry amin'ny andro fiasana, fivezivezena na asa fambolena ny fifidianana.

***Zava-misy niainana sy olana voamarika***

- Misy fifidianana sasany natao nandritra ny fahvaratra, ka sarotra ny fandraisan'anjaran'ny mpifidy, indrindra any ambanivohitra.
- Tsy voahaja hatrany ny maha-andro tsy iasana nefa andraisan-karama ny andron'ny latsa-bato, indrindra ho an'ny mpiasa amin'ny sehatra tsy miankina sy ny faritra anaty faritra ara-toekarena manokana (zones franches).
- Voasakantsakana na mihena ny fahavononan'ny mpifidy noho ny asa, ny fambolena, ny fivezivezena mandritra ny fialantsasatra na ny fety ara-pirenena sy ara-pivavahana.
- Ny fiantsoana ny mpifidy tara loatra dia mampihena ny fotoana azo hanomanana ny fampielezan-kevitra, ny kandidà ary ny fanentanana ny olom-pirenena.
- Ny fanaovana fifidianana maro misaraka dia miteraka famerenana matetika ny fanetsehana ny loharanon'olona, ny fitaovana ary ny vola.
- Ireo mponina any amin'ny faritra mitoka-monina dia tena voa mafy kokoa noho ny tsy fahampian'ny fampifanarahana ny tetiandro amin'ny fahasarotan'ny fivezivezena

sy ny fidirana amin'ny toerana.

***Fomba fanao tsara sy traikefa nozaraina***

- Fikarakarana ny fifidianana mandritra ny vanim-potoana maina na amin'ny fotoana ahafahana manatanteraka tsara ny asa ara-pitaovana sy ara-pitaterana.
- Fampiarahana ny fifidianana sasany azo atambatra mba hampihenana ny fandaniana sy hanamaivanana ny fandaminana.

## 3. Fironana ankapobeny nivoitra nandritra ny adihevitra

***Ireo teboka nahitana marimaritra iraisana***

- Ilaina ny fanamafisana ny fahamarinan-toeran'ny tetiandrom-pifidianana sy ny fanaovana izay hahafantarana mialoha ny datin'ny fifidianana.
- Tokony hialana ny vanim-potoanan'ny orana, ny fotoam-pety ary ireo fotoana tsy ahafahan'ny olom-pirenena maro manatrika.
- Tokony hamafisina ny andraikitry ny CENI amin'ny famaritana sy fiarovana ny tetiandrom-pifidianana.
- Ilaina ny fametrahana mialoha sy mazava ireo fitsipika sy daty mifehy ny fifidianana.
- Tokony ho raisina an-tanana ny fahasarotan'ny lalana, ny fitaterana ary ny lafiny filaminana.
- Ilaina ny fanamafisana ny serasera, ny fanentanana ary ny fanabeazana ho olom-pirenena mialoha ny fifidianana.
- Tokony hisy ezaka hampihenana ny fandaniana amin'ny alalan'ny fandrindrana ara-tetibola ary, raha azo atao, ny fampiarahana fifidianana sasany.

***Ireo teboka niteraka adihevitra na fisalasalana***

- Ny famaritana ny vanim-potoana marina hanaovana fifidianana : eo anelanelan'ny Mey–Aogositra, Mey–Oktobra, Mey–Novambra, na hatramin'ny Desambra arakaraka ny tolo-kevitra.
- Ny fisafidianana ny andro mety indrindra hifidianana : Talata, Alarobia, Alatsinainy, andro fady, andro tsy iasana, na fotoam-pialantsasatra.
- Ny fandaminana ny filaharan'ny fifidianana : fifidianana eny ifotony mialoha ny nasionaly, fampiarahana fifidianana sasany, na fanajana hentitra ny fahataperan'ny fe-potoam-piasan'ny tsirairay.
- Ny fizarana andraikitra eo amin'ny lalàna, ny CENI ary ny Governemanta amin'ny famaritana na fanovana ny tetiandro.
- Ny mety hanaovana ny fifidianana ho adidy tsy maintsy tanterahina na fametrahana rafitra hanamafisana ny fandraisana andraikitry ny mpifidy.
- Ny fitantanana ara-dalàna ireo toe-javatra manokana na toe-javatra tsy azo idovirana mety hanakana ny fanatanterahana ny fifidianana amin'ny daty voafaritra.

## 4. Fanamby voafaritra

***Fanamby araka ny lalàna***

- Fametrahana ao anatin'ny lalàna daty na vanim-potoana fifidianana mazava sy ampy hamerana ny fanovana atao amin'ny fomba tsy ara-drariny.
- Fandaminana hentitra ny fepetra momba ny fanemorana, ny fanovana daty ary ireo tranga tsy azo idoviran hialana misy fiantraikany amin'ny tetiandrom-pifidianana.
- Fanazavana sy famaritana mazava ny andraikitra sy ny fahefan'ny CENI,
ny Governemanta ary ireo andrim-panjakana hafa voakasika.
- Fampirindrana sy fampifanarahana ny fitsipika mifehy ny faharetan'ny fe-potoam-piasana, ny fiafaran'ny fotoampiasan'ny olomboafidy ary ny fiantsoana ny mpifidy.
- Fametrahana sazy amin'ny fanitsakitsahana ny fitsipika mifehy ny tetiandrom-pifidianana.



### *Fanamby ara-panatanterahana*

- Fandrindrana ara-pitaovana mifanaraka amin'ny toetr'andro, ny lalana ary ny toetany.
- Fampandraisana anjara ny mpifidy any amin'ny toerana saro-dalana
- Fanitarana ny fe-potoana fanomanana mba hahafahana manatanteraka fanofanana, fanentanana ary fanomanana ara-pitaovana amin'ny fifidianana.

### *Fanamby ho an'nyandrim-panjakana*

- Fanamafisana ny fahaleovantenan'ny CENI sy ny fahefany manapa-kevitra.
- Fampihenana ny fiankinan-doha amin'ny mpamatsy vola avy any ivelany amin'ny alalan'ny fandrindrana mialoha ny tetibola nasionaly.
- Fanamby ara-tsosialy sy fampiatiana
- Fandraisana an-tanana ny fanao ara-pivavahana, ara-kolontsaina ary ara-tsosialy amin'ny famaritana ny andro hanaovana ny fifidianana.

## 5. Tolo-kevitra naroso

### *Rafitra ara-dalàna*

- Fametrahana ao anatin'ny lalàna mifehy ny fifidianana na ny Lalàmpanorenana daty na vanim-potoana raikitra ho an'ny karazana fifidianana tsirairay.
- Fanitarana ny fe-potoana fiantsoana ny mpifidy ho 150 andro, na dimy hatramin'ny enim-bolana.
- Fandaminana ara-dalàna hentitra ny fanovana rehetra mety hatao amin'ny tetiandrom-pifidianana, ka hatao tsy maintsy ampiarahana amin'ny fanazavana ampahibemaso
ny antony.
- Fametrahana fepetra manokana sy voafetra ho an'ny tranga hery tsy azo idovirana Izay.

### *Fanatanterahana*

- Fanomezana fahefana feno sy mahaleo tena ho an'ny CENI amin'ny fanomanana, famaritana ary famoahana ny tetiandrom-pifidianana.
- Atomboka amin'ny fifidianana eny ifotony ary mizotra mankany amin'ny fifidianana nasionaly.
- Fandinihana ny fampiarahana fifidianana sasany mifanaraka, mba hampihenana ny fandaniana sy hanamorana ny fanetsehana ny mpifidy.

### *Fitantanana ara-panjakana sy ara-bola*

- Fametrahana mialoha ny tetibola ilaina amin'ny fifidianana ao anatin'ny tetibolam-panjakana, ka ny fanampiana avy any ivelany dia natao ho fanohanana fotsiny.
- Fananganana tetiandro ara-piasana feno mandrakotra ny fanofanana, ny fandaminana ara-pitaovana, ny fanentanana, ny fampielezan-kevitra, ny fifidianana ary ny famoahana vokatra.
- Fiantohana mazava ny maha-andro tsy iasana nefa andrasana karama ny andron'ny latsa-bato, anisan'izany ny sehatra tsy miankina.

Fampahafantarana mialoha sy ampahibemaso ireo fitsipika fototra mifehy ny fifidianana, indrindra ny fepetra firotsahan-kofidiana sy ny fandraisana anjara.

### *Tamberin'andraikitra sy fangaraharana*

- Famoahana ampahibemaso ny tetiandrom-pifidianana, ny dingana rehetra,
ary ny fanovana mety hitranga miaraka amin'ny fanazavana mazava ny antony.
- Fampandraisana anjara ny antoko politika, ny fikambanana, ny mpanao gazety amin'ny fanaraha-maso ny fanomanana ny fifidianana.

### *Fampiatiana*

- Fampifanarahana ny tetiandrom-pifidianana amin'ny zava-misy iainan'ny mpifidy any ambanivohitra, ny mpiasa, ny mpianatra, ny vondrona ara-pivavahana ary ny mponina any amin'ny faritra lavitra.
- Fisorohana ny fifandrifian'ny fifidianana amin'ny fotoan'ny fety, fialantsasatra izay mitarika fivezivezena betsaka, na vanim-potoanan'ny asa fambolena na fiotazana.

### *Fangaraharana*

- Fampahafantarana ny tetiandrom-pifidianana amin'ny besinimaro amin'ny alalan'ny sehatra ofisialy, haino aman-jery ary rafitra eny ifotony.
- Fanomezana vaovao tsy tapaka ho an'ny vahoaka momba ireo dingana lehibe amin'ny fizotran'ny fifidianana.
- Fametrahana rafitra ahafahan'ny olom-pirenena manamarina sy manohitra ampahibemaso ireo fanapahan-kevitra misy fiantraikany amin'ny tetiandro.

## Fehinkevitra momba ny lohahevitra faha-2 : Tetiandrom-pifidianana / datin'ny fifidianana

Nivoitra tamin'ny adihevitra ny fironana mazava mankany amin'ny fametrahana tetiandrom-pifidianana milamina kokoa, azo vinavinaina mialoha, mangarahara ary mifanaraka kokoa amin'ny zava-misy eto Madagasikara. Ny fanavaozana dia mifantoka indrindra amin'ny famaritana mialoha ny daty, ny fisorohana ny vanim-potoana ara-toetr'andro sy ara-tsosialy tsy mety, ny fanamafisana ny fahaleovantenan'ny CENI, ny fandrindrana ara-tetibola, ny fanatsarana ny serasera ara-pifidianana ary ny fiheverana marina ny fahafahan'ny mpifidy mandray anjara amin'ny fifdianana.

## LOHAHEVITRA FAHA-03 :

# FIROTSAHAN-KOFIDIANA



### 1. Votoatin'ny fifanakalozan-kevitra

Nifantoka tamin'ny fepetra ahafahana mirotsaka hofidiana, ny fandraisana ny antontan-taratasy ny firotsahan-kofidiana, ny sandan'ny antoka, ny zom-pirenen'ny kandidà, ary ny anjara toeran'ny firotsahana tsy miankina amin'ny antoko politika ny fifanakalozan-kevitra.

### 2. Famakafakana ny fifanakalozan-kevitra nataon'ny mpandray anjara

***Olana ankapobeny nambaran'ny mpandray anjara***

- Heverina ho ambony loatra ny sandan'ny fandraisana anjaran'ny kandida, ka manome tombony lehibe ireo manana fahefana ara-bola.
- Tsy mbola misy fitsipika maharitra sy fantatra mialoha mazava momba ny antontan-taratasy, ny antoka ary ny fepetra firotsahana hofidiana.
- Mbola iadian-kevitra hatrany ny momba ny zom-pirenena tokana, ny zom-pirenena roa ary ny fepetra takiana amin'ny fonenana eto Madagasikara.
- Misy ahiahy amin'ny firotsahana manararaotra, tohanan'ny mpamatsy vola, tombontsoa ara-toekarena na tambajotra politika tsy mangarahara.
- Tsy mazava tsara ny toerana sy ny lanjan'ny kandidà tsy miankina raha oharina amin'ny antoko politika.
- Heverina ho mbola tsy ampy ny fepetra momba ny fitondran-tena, ny fahaiza-manao ary ny haavon'ny fianarana takiana amin'ny asa voafidy sasany.

***Zava-misy niainana sy olana voamarika***

- Fahasarotan'ny fanangonana antontan-taratasy satria indraindray mila alaina lavitry
ny toerana onenan'ny kandidà.
- Mety hampiasaina ho fitaovana fanakanana ara-politika ny taratasy fanamarinana ara-ketra na antontan-taratasy ara-panjakana hafa.
- Ireo manana harena na tambajotra matanjaka ihany no afaka mirotsaka hofidiana amin'ny fomba tena mahomby.
- Mbola ambany ny fahalalan'ny tanora, ny olom-pirenena ary ny tompon'andraikitra eny ifotony ny lalàna mifehy ny fifidianana.
- Misy ireo kandidà voarohirohy tamina raharaha ara pitsarana saingy mbola tsy voaheloka.
- Sarotra ny mampifandanja ny fampanantenana ara-pifidianana ary ny andraikitra ara-politikan'ny olom-boafidy.

***Fomba fanao tsara sy traikefa nozaraina***

Fampiroboroboana fifanakalozan-kevitra eo amin'ny antoko politika, CENI, fiarahamonim-pirenena ary ireo mpisehatra andrim-panjakana momba ny fepetra firotsahan-kofidiana.

Famoahana mialoha ny fitsipika momba ny fandraisana anjara ara-bola sy ny antontan-taratasy ilaina amin'ny firotsahan-kofidiana.

Fampiharana fitsipika mitovy sy tsy manavakavaka amin'ny fandinihana ny antontan-taratasy rehetra.

Fanofanana ny tanora, ny mpanara-maso ary ny tompon'andraikitra eny ifotony momba ny lalàna mifehy ny fifidianana.

- Fandikana sy fanazavana amin'ny teny malagasy ny la-

làna mifehy ny fifidianana mba hanamora ny fahazoan'ny rehetra azy.

## 3. Fironana ankapobeny nivoitra nandritra ny adihevitra

***Ireo teboka nahitana marimaritra iraisana***

- Fanazavana sy fanamafisana ao anatin'ny lalàna ireo fepetra ahafahana mirotsaka hofidiana sy ireo antontan-taratasy takiana.
- Fanitsiana ny vola fandraisana anjara amin'ny fikarakarana fifidianana, mba ho mangarahara kokoa ary fantatra mialoha.
- Fanamafisana ny fanamarinana ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiana, indrindra momba ny zom-pirenena, ny fitondran-tena, ny hetra ary ny fonenana.
- Fiantohana ny fitovian'ny fandraisana ny kandidà rehetra, tsy misy fanavakavahana ara-politika, ara-panjakana na ara-bola.
- Fanamafisana ny fanabeazana sy fanentanana ara-pifidianana.

***Ireo teboka niteraka adihevitra na fisalasalana***

- Ny fitazonana, fampihenana na fanafoanana ny vola fandraisana anjara amikn'ny fikarakarana fifidianan(caution).
- Ny fanekena na fanafoanana ny firotsahana tsy miankina amin'ny antoko politika.
- Ny famaritana ny taona farany ambany sy mety ho ambony ahafahana mirotsaka hofidiana arakaraka ny karazana fifidianana.
- Ny fitakiana na tsy fitakiana mari-pahaizana farany ambany ho an'ny kandidà.
- Ny fepetra momba ny zom-pirenena roa, ny zom-pirenena tokana ary ny fonenana tena izy eto an-toerana.
- Ny adihevitra momba ny firotsahan-kofidiana mahaleo tena.

## 4. Fanamby voafaritra

***Fanamby araka ny lalàna***

- Fanazavana mazava sy famaritana hentitra ao amin'ny Fehezan-dalàna mifehy ny fifidianana ny fepetra ahafahana mirotsaka hofidiana, ka hisorohana ny fanovana tara amin'ny alalan'ny didim-panjakana.
- Fanoratana ireo fepetra ahafahana milatsaka hofidiana
- Fampifandanjana ny zo hirotsaka hofidiana amin'ny fepetra takiana momba ny fahitsiana, ny fahaiza-manao ary ny andraikitra.
- Fanazavana mazava ny firotsahana tsy miankina sy ny fifandraisany amin'ny antoko politika.

***Fanamby ara-panatanterahana***

- Fanamorana ny fanangonana sy fanomanana antontan-taratasy, indrindra any amin'ny faritra lavitra sy sarotra idirana.
- Fanitarana ny fe-potoana ilaina ahafahana manao fitarainana sy fanoherana ara-panjakana mifandraika amin'ny antontan-taratasy takiana.
- Fametrahana fomba fiasa mirindra, azo arahana ary tsy manavakavaka amin'ny fanamarinana ny antontan-taratasy.
- Fanaovana lalam-pifidianana mora vakiana, mora jifaina, mora azo.

***Fanamby ho an'ny andrim-panjakana***

- Fanamafisana ny fahatokisana ireo rafitra misahana ny fandraisana, fanamarinana ary fankatoavana ny firotsahan-kofidiana.
- Fanazavana mazava ny andraikitra sy ny fahefan'ny CENI, ny fitsarana, ny sampan-draharaha ara-ketra ary ny antoko politika.
- Fisorohana ny fampiasana diso ny fahefana ara-panjakana amin'ny fepetra firotsahana hofidiana.
- Fanamafisana ny andraikitry ny antoko politika amin'ny fifantenana sy fanofanana ireo kandidà.

## 5. Tolo-kevitra naroso

***Lalàna***

- Famaritana mazava ao anatin'ny lalàna ireo fepetra firotsahana hofidiana, ireo antontan-taratasy takiana, ny fe-potoana ary ny fomba fitoriana sy fanoherana.
- Fametrahana ny antoka araka ny sokajin'ny fifidianana, ao anatin'ny rafitra ara-dalàna milamina, mangarahara ary mifanaraka amin'ny zava-misy.
- Fanazavana ny fitsipika momba ny zom-pirenena, ny fonenana, ny fitondran-tena ary ny tsy fahafahana mifaninana amin'ny fifidianana.
- Famaritana mazava ireo tranga miteraka tsy fahafahana mirotsaka hofidiana sy ny vokany, indrindra amin'ny heloka bevava na fahadisoana lehibe voaporofo.

***Fandaminana ara-politika sy araka ny andrim-panjakana***

- Fanamafisana ny anjara toeran'ny antoko politika amin'ny fanofanana, fifantenana
ary fanomezana andraikitra ny kandidà.
- Fanazavana ny fifandraisana misy eo amin'ny firotsahana hofidiana, ny maha-mpikambana amin'ny antoko politika ary ny andraikitra eo anatrehan'ny mpifidy.
- Fiantohana ny fitovian'ny fandraisana ny kandidà rehetra amin'ny fandinihana ny antontan-taratasy.

***Fitantanana ara-panatantarahana***

- Fanamorana ny fomba fametrahana antontan-taratasy firotsahana hofidiana ary fanakaikezana ny sampan-draharaha mahefa ny olom-pirenena ;
- Famoahana mialoha ny fitsipika sy ny sandan'ny antoka farafahakeliny volana maromaro mialoha ny fifidianana.
- Fametrahana rafitra haingana ahafahana manao fitarainana sy fanoherana raha misy fandavana na fahasarotana amin'ny fahazoana antontan-taratasy.
- Fametrahana rafitra fanaraha-maso mangarahara ny antontan-taratasy napetraka.

***Tamberin'andraikitra***

- Fanaraha-maso ny loharanon'ny famatsiam-bola manohana ny firotsahan-kofidiana.
- Fisorohana ny firotsahana hosoka na ampiasain'ny tombontsoa ara-toekarena na ara-politika.
- Fanamafisana ny sazy amin'ny fanambarana diso, antontan-taratasy hosoka ary fividianana safidin'ny mpifidy.
- Fandinihana ny tamberin'andraikitra ara-politika raha toa ka miala amin'ny fampanantenana fototra ny olom-boafidy.

***Fampiatiana***

- Fisorohana ny toe-javatra izay mahatonga ny antoka hanilika ho azy ireo tanora, vehivavy na kandidà tsy manana harena betsaka.
- Fanamafisana ny fahafahan'ireo kandidà avy amin'ny faritra lavitra miditra amin'ny dingana firotsahana hofidiana.
- Fanamafisana ny fanofanana ara-pifidianana ho an'ny tanora sy ireo mpisehatra politika vaovao.

***Fangaraharana***

- Famoahana ampahibemaso ireo fepetra fanekena sy fandavana ny firotsahan-kofidiana.
- Famoahana ny fanapahan-kevitra fanekena na fandavana firotsahankofidiana miaraka amin'ny fanazavana mazava ny antony.
- Fiantohana ny fanaraha-maso ataon'ny olom-pirenena sy ny fitsarana amin'ny fizotran'ny firotsahan-kofidiana.

## Fehinkevitra momba ny lohahevitra faha-03 : Firotsahan-kofidiana

Nasehon'ny adihevitra ny finiavana matanjaka hanatsara ny firotsahan-kofidiana ho lasa mangarahara kokoa, azo itokisana kokoa ary mora idiran'ny rehetra. Tsy tokony ho lasa sakana tsy ara-drariny anefa ny fepetra ahafahana mirotsaka hofidiana. Ny fanavaozana andrasana dia tokony hifantoka amin'ny fifandanjana eo amin'ny fisokafana ara-demokrasia, ny fiantohana ny fahamarinan'ny kandidà, ny fitovian'ny fandraisana anjara, ny tsy fiovaovan'ny lalàna ary ny andraikitra ara-politika.



**Hajo Andrianainarivelo,**
Président du Parti MMM

# LOHAHEVITRA FAHA-04 :

# FAMPIELEZAN-KEVITRA



## 1. Votoatin'ny fifanakalozan-kevitra

Nifantoka tamin'ny fitovian-jo, ny fangaraharana, ny famatsiam-bola, ny filaminana ary ny fanadiovana ny fomba fanaovana fampielezan-kevitra ny fifanakalozan-kevitra. Notsindriana manokana ny tsy fisian'ny lalàna momba ny "précampagne", ny fampiasana ny fitaovam-panjakana, ny tsy fitovian'ny fidirana amin'ny haino aman-jery, ny fividianana safidin'ny mpifidy, ny herisetra ary ny tsy fahampian'ny fampiharana ny sazy.

## 2. Famakafakana ny fifanakalozan-kevitra nataon'ny mpandray anjara

### *Olana ankapobeny nambaran'ny mpandray anjara*

- Tsy fitovian'ny zo sy ny loharanom-bola eo amin'ny samy kandidà, ka manome tombony ireo akaiky ny fitondrana.
- Tsy fisian'ny momba ny "précampagne" sy ny fampielezan-kevitra miafina anatin'ny lalàna.
- Fampiasana fitaovana sy fiaram-panjakana, fanaovana hetsika fanokanana ho an'ny tombontsoa ara-panjakana ho fitaovana ara-politika.
- Tsy fitovian'ny fidirana amin'ny haino aman-jery, izay matetika anjakan'ny kandidà manana haino aman-jery na akaiky ny fitondrana.
- Fizarana vola, fanomezana, akanjo, na tombontsoa ara-materialy heverina ho fividianana safidin'ny mpifidy.
- Herisetra, fandrahonana amin'ny mpanara-maso, fanenjehana manokana ary herisetra mifototra amin'ny maha-lahy na maha-vavy.

### *Zava-misy niainana sy olana voamarika*

- Mbola tena malemy ny fampiharana ny lalàna momba ny famatsiam-bola amin'ny fampielezan-kevitra, ary saika tsy misy sazy mihatra amin'ireo tsy manaraka.
- Tsy ampy na tsy misy tatitra momba ny fandaniana amin'ny fampielezan-kevitra.
- Sarotra ny mamantatra mazava ny fahefana tompon'andraikitra amin'ny fanamarinana sy fanasaziana haingana ny fandikan-dalàna.
- Misy fanerena atao amin'ny mpiasam-panjakana, ny lehiben'ny fokontany ary ireo mpisehatra eny ifotony.
- Misy fanodinkodinana ireo mpifidy marefo amin'ny alalan'ny fanomezana, ny artista, ny maha-izy azy ara-poko na ny olobe eo an-toerana.
- Tsy ampy ny loharanon-karena entina manao fanentanana any ambanivohitra.

### *Tolo-kevitra*

Fametrahana vondrona manokana hanara-maso ny fampielezan-kevitra.

- Fiaraha-miasa eo amin'ny CENI, ny BIANCO, ny SAMIFIN, ny mpitandro filaminana, ny mpitsara ary ny rafitra mpandrindra ny haino aman-jery.
- Fanamafisana ny fanaraha-maso ny haino aman-jerim-panjakana sy tsy miankina mba hiantohana ny fitovian'ny fandraisana ny kandida.
- Fiarovana ireo mpitory sy mpiasam-panjakana mahita ny fampiasana tsy ara-dalàna ny fitaovam-panjakana.
- Fanamafisana ny fanabeazana sy fanentanana ara-pifidianana mba hampifantoka ny fampielezan-kevitra amin'ny programa sy ny hevitra.

## 3. Fironana ankapobeny nivoitra nandritra ny adihevitra

***Ireo teboka nahitana marimaritra iraisana***

- Fametrahana mazava anaty lalàna ny "précampagne" ary fanavahana mazava azy amin'ny fampielezan-kevitra ofisialy.
- Fiantohana ny fitovian'ny fidirana amin'ny haino aman-jerim-panjakana, ary fanamafisana ny fanaraha-maso ny haino aman-jery tsy miankina.
- Fandraràna ny fampiasana ny fitaovam-panjakana amin'ny tanjona ara-pifidianana.
- Fandraràna sy fanasaziana ny fizarana vola, fanomezana tombontsoa ara-materialy entina mividy ny safidin'ny mpifidy.
- Fanamafisana ny fahefan'ny CENI na ireo rafitra mahefa amin'ny fanamarinana, fampitandremana ary fanasaziana.
- Fametrahana tsara ny ANRCM
- Fiarovana ny kandidà, ny mpanara-maso, ny vehivavy mirotsaka hofidiana ary ireo mpisehatra amin'ny fampielezan-kevitra.

***Ireo teboka niteraka adihevitra na fisalasalana***

- Faharetan'ny fampielezan-kevitra : tokony ho ferana, fampielezan-kevitra lava kokoa na « précampagne » maharitra herintaona
- Fampiasana mpanakanto sy hira amin'ny fampielezan-kevitra: azo atao ve sa tokony ho ferana.
- Fametrahana fetra amin'ny fandaniana sy ny fitaovana ampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra.
- Fandraràna ny fampiasana angidimby sy fanamafisana ny fitsipika momba ny fitaterana ampiasaina.
- Fanohanana ara-bola avy amin'ny fanjakana ho an'ny antoko politika sy ny fitsinjarana ara-drariny.
- Famaritana mazava ny anjara asan'ny CENI, ny fitsarana ary ireo rafitra manokana amin'ny fanaraha-maso ny fampielezan-kevitra.

## 4. Fanamby voafaritra

***Fanamby araka ny lalàna***

- Famaritana mazava ny "précampagne", ny fihetsika voarara ary ny sazy mihatra amin'izany.
- Fanazavana ny fitsipika mifehy ny famatsiam-bola, ny famerana ny fandaniana, ny fanambaràna ary ny fanaraha-maso izany.
- Fametrahana sazy mahomby, anisan'izany ny fanesorana tsy ho kandidà (disqualification) raha misy fandikan-dalàna lehibe.
- Fandaminana ny fampiasana haino aman-jery, fivoriana ampahibemaso, fametahana afisy ary ireo fitaovana ampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra.

***Fanamby ara-panatanterahana***

- Fanaraha-maso mahomby ny fampielezan-kevitra any ambanivohitra sy amin'ny faritra lavitra.
- Fanofanana ireo mpanatanteraka fanamarinana sy fanomezana azy ireo fitaovana sy fahefana tena ilaina.
- Fiantohana ny filaminan'ny fivoriana, ny mpanara-maso ary ny kandidà.
- Fanangonana haingana ny porofo momba ny fividianana safidin'ny mpifidy, ny herisetra ary ny fampiasana ny fitaovam-panjakana.

***Fanamby ara-andrim-panjakana***

- Fanamafisana ny fahaizan'ny CENI miditra an-tsehatra sy fanazavana ny fifandraisany amin'ny fitsarana, ny BIANCO, ny SAMIFIN ary ireo rafitra mpanara-maso hafa.
- Fiantohana ny tsy fiandanian'ny fitantanan-draharaham-panjakana sy ny tompon' andraikitra eny ifotony.
- Fametrahana fandrindrana maharitra eo amin'ny andrim-panjakana, ny antoko politika, ny fiarahamonim-pirenena ary ny haino aman-jery.
- Famerenana sy fanamafisana ny fitokisan'ny mpifidy amin'ny fahamarinana sy ny fitovian'ny fifaninanana ara-pifidianana.

## 5. Tolo-kevitra naroso

***Tolokevitra mikasika ny lalàna***

- Fampidirana ao anatin'ny lalàna mifehy ny fifidianana ny "précampagne" sy famerana azy.
- Famaritana ireo fihetsika voarara: fividianana safidin'ny mpifidy, fizarana fanomezana, fampiasana fitaovam-panjakana, fanerena ara-poko, herisetra ary fanalam-baraka.
- Fanaovana ny tatitra ara-bola momba ny fampielezan-kevitra izay tsy maintsy ataon'ny kandidà, miaraka amin'ny sazy mifanaraka aminy raha tsy manatanteraka izany.
- Fametrahana fombafomba ahafahana manaisotra kandidà (disqualification) raha misy hosoka sy tandikàna fitsipika mifehy ny famatsiam-bola.

***Fanaraha-maso ara-andrim-panjakana***

- Fanamafisana ny fahefan'ny CENI amin'ny fanamarihana ny fandikan-dalàna, fanomezana fampitandremana ary fandefasana izany any amin'ny fitsarana mahefa.
- Fametrahana rafitra haingana amin'ny fikarakarana sy

fanodinana ny raharaha fandikan-dalàna ara-pifidianana.
- Fampandraisana anjara ny BIANCO, ny SAMIFIN, ny mpitandro filaminana (OPJ), ny fitsarana ary ny rafitra mpandrindra ny haino aman-jery.
- Famoronana vondrona manokana hanara-maso ny fampielezan-kevitra.

***Haino aman-jery sy serasera***

- Fiantohana ny fitovian'ny fotoana fandraisana fitenenana amin'ny haino aman-jerim-panjakana.
- Fanaraha-maso ny fomba fitondran'ny haino aman-jery tsy miankina ny kandidà tsirairay.
- Fanomezana sehatra maimaim-poana ho an'ny fiarahamonim-pirenena amin'ny fanabeazana ara-pifidianana.

***Famatsiam-bola***

- Fanaraha-maso ny loharanom-bola ampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra.
- Fametrahana fetra ara-drariny amin'ny fandaniana araka ny karazana fifidianana.
- Famoahana ampahibemaso ny loharanom-bola sy ny tatitra momba ny fandaniana.
- Fametrahana sazy amin'ny famatsiam-bola tsy ara-dalàna na tsy nanaovaa fanambarana.

***Filaminana sy etika***

- Fiarovana ireo mpanara-maso, vehivavy kandidà, mpitory ary mpiasam-panjakana.
- Fandraràna ny fiantsiana manokana, ny herisetra mifototra amin'ny maha-lahy na maha-vavy ary ny fihantsiana ampahibemaso.
- Fametrahana saritany sy planin'ny fivezivezen'ny kandida amin'ny fampielezan-kevitra mba hisorohana ny fifanitsahana sy ny fifandonana.
- Famerenana ny fifantohan'ny fampielezan-kevitra amin'ny programa, hevitra ary vahaolana.

***Fangaraharana***

- Famoahana mialoha ny fitsipika mifehy ny fampielezan-kevitra alohan'ny hanombohan'ny dingana.
- Famoahana ampahibemaso ny fanapahan-kevitra momba ny sazy sy ny valin'ireo fitoriana.
- Fanomezana vaovao tsy tapaka ho an'ny vahoaka momba ny fandikan-dalàna sy ny fepetra noraisina.



## Fehinkevitra momba ny lohahevitra faha-04 : fampielezan-kevitra

Nifantoka tamin'ny fanadiovana ny fomba fanaovana fampielezan-kevitra ny adihevitra, ka manamafy fa tokony hiorina amin'ny hevitra sy ny programa fa tsy amin'ny vola, ny fahefana ara-panjakana na ny tsindry ara-tsosialy ny fifaninanana. Noho izany dia mila mameno ny banga araka ny lalàna momba ny "précampagne", manamafy ny fitovian'ny fahafahana, ary manao izay hahomby sy tena azo ampiharana ny sazy.




# LOHAHEVITRA FAHA-05 : FIZOTRAN'NY FIFIDIANANA

## 1. Votoatin'ny fifanakalozan-kevitra

Niompana tamin'ny fandaminana mivantana ny andron'ny fifidianana ny adihevitra, indrindra ny firafitry ny biraom-pifidianana, ny fanofanana ny mpikambana ao aminy, ny fiarovana ny fitaovana, ny fangaraharan'ny fanisana vato, ny fahafahan'ny rehetra miditra amin'ny fifidianana ary ny fisorohana ny hosoka eny amin'ny ambaratonga ifotony.

## 2. Famakafakana ny fifanakalozan-kevitra nataon'ny mpandray anjara

***Olana ankapobeny nambaran'ny mpandray anjara***

- Tsy ampy ny fametahana ampahibemaso ny voka-pifidianana eny amin'ny biraom-pifidianana, na dia takian'ny lalàna aza izany.
- Misy fanoloana na fialan'ireo mpikambana efa voaofana alohan'ny fifidianana noho ny tsindry na tombontsoa.
- Misy solontenan'ny kandidà tsy tonga, tsy ampy fiofanana, na misolo tena kandidà maro indray miaraka.
- Misy fahatapahan-jiro na tsy fahampian'ny jiro ka manohintohina ny fangaraharana amin'ny fanisam-bato.
- Misy mpikambana amin'ny birao tsy mahay mamaky teny na manoratra tsara ka sarotra ny famenoana ny fitanana an-tsoratra (procès-verbaux).
- Tsy ampy ny fandraisana an-tanana ny olona manana fahasembanana, na dia efa nisy aza ny traikefa amin'ny karatra « Braille ».
- Tsy ampy ny kopian'ny fitanana an-tsoratra (PV) ho an'ny fanamarinana sy fanaraha-maso ifanatrehana.

***Zava-misy niainana sy olana voamarika***

- Tsy ampy ny fifehezan'ny mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana sasany ny fomba fiasa.
- Misy fanendrena mpikambana iadian-kevitra, indraindray voataonan'ny lehiben'ny fokontany na mpisehatra politika.
- Misy birao misokatra tara na mihidy aloha loatra, indrindra any ambanivohitra.
- Misy sonia atao mialoha amin'ny PV, fanovana, na fanamboarana hosoka, ary tsy ampy ny fanaraha-maso ny fanisam-bato.
- Misy bulletin efa voamarika mialoha, finday, fitaovam-piadiana na zavatra hafa manakorontana ny fahamarinan'ny fifidianana.

***Fomba fanao tsara sy traikefa nozaraina***

- Fampiasana fitaovana manokana ho an'ny mpifidy manana fahasembanana, toy ny karatra Braille.
- Fametrahana « isoloir » roa amin'ny birao be mpifidy.
- Fametahana ampahibemaso ny vokatra ao amin'ny biraom-pifidianana sy fanomezana kopian'ny fitanana an-tsoratra.
- Fampiasana takelaka elektronika sy fitaovana nomerika hanaraha-maso ny toerana
sy hitaterana olana.
- Fanamafisana ny anjara asan'ny mpanara-maso sy ny solontenan'ny kandidà mandritra ny fanisam-bato.

## 3. Fironana ankapobeny nivoitra nandritra ny adihevitra

***Ireo teboka niteraka adihevitra na fisalasalana***

- Fitazonana ny bileta tokana, na fiverenana amin'ny endrika hafa, na fampidirana fifidianana elektronika.
- Fifidianana na fanendrena ny mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana.
- Faharetan'ny ora fifidianana : 6ora–04ora, 6ora–6ora na fandaminana hafa.
- Fametrahana fakantsary fanaraha-maso ao amin'ny biraom-pifidianana.
- Anjara asan'ny fokontany amin'ny fanendrena sy fanaraha-maso ny fifidianana.
- Fandraràna na fanaraha-maso ny fandrakofana mivantana ataon'ny haino aman-jery amin'ny andron'ny fifidianana.

## 4. Fanamby voafaritra

***Fanamby araka ny lalàna***

- Fanazavana mazava ny fitsipika momba ny fanendrena, fanoloana ary andraikitry ny mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana.
- Fanamafisana ny sazy amin'ny sonia mialoha ny PV, ny PV hosoka ary ny fanodikodinana vokatra.
- Famaritana mazava ny zon'ny solontena, mpanara-maso ary kandidà ao anaty birao.
- Fandaminana hentitra ny fampiasana finday, fitaovam-piadiana, fakantsary na fitaovam-pifandraisana ao amin'ny birao.

***Fanamby ara-panatanterahana***

- Fanomezana fiofanana mitovy kalitao manerana ny firenena.
- Fanomezana fitaovana ampy: isoloara, jiro, kopian'ny PV, tombo-kase, fitaovam-pifandraisana.
- Fiantohana ny fanombohan'ny asa ara-potoana sy ny fahavononan'ny mpiasa.
- Fiarovana ireo birao any ambanivohitra sy amin'ny toerana saro-dalana ary amin'ny toerampandatsahamto tsy anaty trano (abris)

***Fanamby ara-andrim-panjakana***

- Fanazavana amin'ny antspirihany ny andraikitr'ny CENI, ny sampan-draharaha eny ifotony, ny fokontany, ny mpitandro filaminana, ny mpanara-maso ary ny antoko politika.
- Fanamafisana ny fanaraha-mason'ny CENI eny ifotony.
- Fisorohana ny tsindry ara-politika amin'ny mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana.
- Famerenana ny fitokisan'ny vahoaka amin'ny fahamarinan'ny fifidianana eny an-toerana.



## 5. Sehatra fanavaozana sy tolo-kevitra naroso

***Tolokevitra mikasika ny lalàna***

- Fanitsiana ny fepetra mifehy ny biraom-pifidianana, ny PV, ny solontena ary ny mpanara-maso.
- Fanasaziana fanasoniavina PV mialoha, ny PV hosoka ary ny fanovana tsy ara-dalàna ny vokatra.
- Fandraràna mazava ny fampiasana fitaovam-piadiana sy finday hanerena na hanodikodina ny fifidianana.
- Famaritana mazava ny fitsipika momba ny fametahana vokatra sy ny lanjan'ny kopian'ny PV.

***Fandaminana ny fifidianana***

- Fanofanana sy fanamarinana mialoha ny mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana.
- Fanekena an-tsoratra avy amin'ny mpikambana voaofana mba hampihenana ny fialana tsy ara-dalàna ary sazy mifandraika amin'izany
- Fanamafisana ny fepetra takiana amin'ny fahaiza-manao, tsy fiandaniana ary fahaizana mamaky sy manoratra.
- Fanazavana mazava ny ora fanokafana, fanakatonana ary fanisam-bato.

***Fiarovana ny fitaovana***

- Fametrahana marika arak'isa ny bileta na takelaka bileta araka ny biraom-pifidianana tsirairay.
- Fanamarinana ny bileta alohan'ny fanokafana, eo anatrehan'ny solontena sy mpanara-maso.
- Fanasiana tombo-kase ara-dalàna ny valopy ary fiarovana ny fitanana an-tso-ratra (PV).
- Fiantohana jiro azo antoka sy fampiasana ny sam-pan-draharaha mahefa raha misy fahatapahan-jiro.

***Fanaraha-maso ataon'ny olom-pirenena***

- Fiantohana ny fisian'ny solontenan'ny kandidà ao amin'ny birao tsirairay.
- Fanomezana fahafahana feno ho an'ny mpana-ra-maso hanatanteraka ny asany.
- Fametrahana laharana maitso na rafitra haingana hitaterana ny tsy fanara-han-dalàna.

***Teknolojia***

- Fampiasana fitaovana nomerika fanohanana, nefa tsy manala ny fiarovana ny antonta-taratasy.
- Fampiasana takelaka elek-tronika na fitaovana ha-norona lalana ny mpifidy mankany amin'ny biraony.
- Fanatsarana ny fahafahan'ny olona manana fahasem-banana, anisan'izany ireo manana fahasahiranana amin'ny fivezivezena.
- Famolavolana sarintany (car-tographie) momba ny faha-sarotan'ny lalana, ny toe-tr'andro ary ny fahafahan'ny mponina mandray anjara.
- Fandinihana lalina sy ny tolo-kevitra momba ny fifidia-nana elektronika na fakant-sary fanaraha-maso.

***Fangaraharana***

- Fametahana avy hatrany ny voka-pifidianana eny amin'ny biraom-pifidianana.
- Fampahafantarana ireo birao tsy manana solontena na ahitana tahan'ny fandraisana anjara tsy mahazatra.
- Fanaraha-maso ireo birao ahitana vokatra mihoatra na mifanohitra amin'ny fenitra mahazatra.

## Fehinkevitra momba ny lohahevitra faha-05 : fi-zotran'ny fifidianana

Navoakan'ny adihevitra fa ao amin'ny biraom-pandat-sahambato no tena mamaritra ny fahamendrehan'ny fifidianana. Ny fanavaozana ilaina dia mifan-toka amin'ny toetra ananan'ny mpi-kambana, ny fahazavan'ny fomba fiasa, ny fiarovana ny fitaovana, ny fisian'ny fanaraha-maso mitovy sy mifandanja, ary ny fametaha-na haingana sy azo hamarinina ny vokatra.






# LOHAHEVITRA FAHA-06 : FIKIRAKIRANA NY VOKA-PIFIDIANANA

## 1. Votoatin'ny fifanakalozan-kevitra

Nifantoka tamin'ny fiarovana, fandefasana, fanangonana (centralisation), famoahana sy fanoherana ny vokatra ara-pifidianana ny adihevitra. Notsindriana manokana ny loza mety hitranga amin'ny fanodinkodinana eo anelanelan'ny biraom-pifidianana, ny kaominina, ny SRMV ary ny foiben'ny CENI, ary koa ny ilàna rafitra haingana, mangarahara ary azo hamarinina.

## 2. Famakafakana ny fifanakalozan-kevitra nataon'ny mpandray anjara

***Olana ankapobeny nambaran'ny mpandray anjara***

- Loza mety hitranga amin'ny fanovana na fanoloana ny fitanana an-tsoratra (PV) mandritra ny fitaterana ny vokatra.
- Fiarovana ny valopy, tombo-kase ary antontan-taratasy ara-pifidianana.
- Fahalavan'ny fotoana eo anelanelan'ny fanisam-bato eny ifotony sy ny fahatongavan'ny vokatra any amin'ny SRMV na foibe.
- Fikorontanana ateraky ny famoahana vokatra tsy ofisialy na mifanohitra.
- Tsy fahampian'ny fiarovana ireo solontena, vavolombelona ary mpanambara fanodinkodinana vokampifidianana.
- Fahalavirana amin'ny SRMV sasany ka miteraka havizanana, filaharam-be sy mety hisian'ny korontana.

***Zava-misy niainana sy olana voamarika***

- Fifanoloana mpifidy ao an-trano, valopy nosokafana ary PV nosoloina.
- Fahataran'ny fahatongavan'ny vokatra avy amin'ny fokontany akaiky
- Tsindry mahazo ny PSRMV na SRMV hamita haingana ny asa.
- Tsy fahampian'ny solontenan'ny kandidà amin'ny birao sasany.
- Misy solontena voavidy, tsy tonga, tsy voaofana tsara na maika hiala rehefa vita ny fanisam-bato.
- Sarotra amin'ny faritra lavitra sy ireo olona manana fahasembanana ny fandraisana anjara amin'ny fikirakirana ny vokatra.

***Fomba fanao tsara sy traikefa nozaraina***

- Fametahana ampahibemaso ny vokatra eny amin'ny biraom-pifidianana, kaominina, SRMV ary foibe.
- Fandefasana amin'ny fotoana mitovy ny vokatra sy vokatra ara-elektronika.
- Fampiasana finday, SMS, radio, laharana maitso ary sehatra nomerika (toy ny iReport).
- Fampiasana tombo-kase misy laharana manokana isaky ny birao.
- Fanamarinana indroa na fanaraha-maso ifanatrehana ataon'ny OSC, CENI ary, raha ilaina, vaditany (huissier).
- Fanaovana andrana mialoha ny fandefasana ny vokatra mba hanamarinana ny fifandraisana
- Fampitahana ny fitanana an-tsoratra (PV).

## 3. Fironana ankapobeny nivoitra nandritra ny adihevitra

***Ireo teboka nahitana marimaritra iraisana***

- Fametahana avy hatrany ny vokatra eny amin'ny biraom-pifidianana.
- Fiarovana ny fitaterana ny vokatra hatrany amin'ny toerana fanangonana.
- Fanaovana fanarahana (traçabilité) ny PV amin'ny alalan'ny tombo-kase misy laharana.

- Fanofanana sy fiarovana ny solontena, vavolombelona, mpanara-maso ary mpikambana ao amin'ny birao.
- Fanafohezana ny fotoana fandefasana sy famoahana vokatra.
- Fampiasana teknolojia ho fanohanana fa tsy hanolo ny antotantaratasy.

***Ireo teboka niteraka adihevitra na fisalasalana***

- Fanafoanana, fitazonana na fanavaozana ny SRMV.
- Famoahana vokatra vonjimaika na fandraisana mivantana ny vokatra avy eny ifotony.
- Mahaizy azy ny vokatra avoakan'ny haino aman-jery, OSC na kandidà.
- Ambaratonga ara-pitondrana tokony hanaovana fanambarana ofisialy.
- Anjara asan'ny mpitandro filaminana, vaditany, OSC ary mpanara-maso.
- Haavon'ny fampidirana informatika azo ekena amin'ny tontolo mbola marefo fitokisana.

## 4. Fanamby voafaritra

***Fanamby araka ny lalàna***

- Fanazavana ny lanjan'ny kopian'ny PV, ny vokatra naseho ampahibemaso ary ny fandefasana ireo tatitra elektronika.
- Fandaminana ny famoahana vokatra tsy ofisialy mba hisorohana ny fisafotofotoana nefa tsy hanakantsakana ny fangaraharana.
- Fanamafisana ny sazy amin'ny fanodinkodinana na fanoloana vokatra.
- Fametrahana rafitra fiarovana ireo vavolombelona sy mpitory.

***Fanamby ara-pampiharana***

- Fiarovana ny vokatra any amin'ny faritra lavitra sy mandritra ny fitaterana.
- Fanomezana fitaovana: fifandraisana, fitaterana, tombo-kase azo antoka.
- Fizarana ara-drariny ny asa eo amin'ny samy SRMV.
- Fandefasana amin'ny fotoana mitovy : ara-taratasy sy nomerika.

***Fanamby ara-andrim-panjakana***

- Fanazavana mazava ny andraikitry ny CENI, SRMV, kaominina, fokontany, mpitandro filaminana, OSC ary antoko politika.
- Fanamafisana ny fahamendrehan'ny rafitra fanangonana vokatra.
- Fanatsarana ny fifandraisana ofisialy hisorohana vokatra mifanohitra.

## 5. Tolo-kevitra naroso

***Rafitra ara-dalàna***

- Famaritana mazava ny dingana rehetra: fandefasana, fanangonana, fanamarinana ary famoahana vokatra.
- Fampiasana tombo-kase misy kaody na laharana tokana isaky ny birao.
- Fanasaziana mafy ny fanodinkodinana PV na vokatra.
- Famaritana ny maha-ara-dalàna ny vokatra naseho, vonjimaika, voangona.

***Fiarovana ara-batana***

- Fiarovana ny fitaterana miaraka amin'ny mpitandro filaminana tsy miandany.
- Fandraisana anjaran'ny mpanara-maso sy solontena mandra-pahatongan'ny toerana fanangonana.
- Fitaovam-pitaterana manokana ho an'ny faritra sarotra idirana.
- Fanamafisana ny fiarovana ny vavolombelona sy solontena.

***Teknolojia***

- Fanomezana finday na fitaovana isaky ny birao handefasana sarin'ny PV.
- Fametrahana ivintoerana fanangonana sy fitahirizana vokatra.
- Fampiasana SMS, laharana maitso ary rindranasa azo antoka ho fanampiny.

***Fandaminana ara-pitantanana***

- Fanamafisana ny fifandanjana amin'ny vesatra ao amin'ny SRMV sy fanakaikezana
  ny toerana faikirakiraka ny vokatra
- Fanapariahana ny asa sasany eny amin'ny kaominina na faritra.
- Fanamafisana fanaraha-maso mifampitsara amin'ny fanekena sy fanoratana ny vokatra.
- Serasera sy fangaraharana
- Famoahana vokatra isaky ny birao ao anatin'ny fotoana fohy.
- Fampahafantarana mazava ny sokajin'ny vokatra: naseho, vonjimaika, farany.
- Fisorohana fanambarana mialoha tsy voamarina.

***Fampidirana sy fandraisana anjara***

- Fampandraisana anjara ny olona manana fahasembanana sy ny tanora.
- Fanofanana ireo mpisehatra eny ifotony.
- Fanomezana fitaovana ho an'ny OSC sy mpanara-maso.

## Fehinkevitra momba ny lohahevitra faha-06 : fitantanana ny vokatra

Navoakan'ny adihevitra fa miankina amin'ny fahazoana manaraka sy manamarina hatrany amin'ny biraom-pifidianana ny fitokisan'ny vahoaka amin'ny vokatra. Ny fanavaozana lehibe dia ny fampifangaroan'ny fametahana ampahibemaso, ny tombo-kase azo antoka, ny fanamarinana ifanatrehana, ny fandefasana tatitra nomerika ary ny sazy hentitra hisorohana ny fanodinkodinana.

# LOHAHEVITRA FAHA-07 : ADY SY FANDIKAN-DALÀNA ARA-PIFIDIANANA



## 1. Votoatin'ny fifanakalozan-kevitra

Niompana tamin'ny fahombiazan'ny fitarainana ara-pifidianana, ny fanafainganan'ny fitsarana ny raharaha, ny fanasaziana ny fandikan-dalàna, ny fahaleovantenan'ny fitsarana ary ny fahafahan'ny olom-pirenena, kandidà, mpanara-maso ary antoko politika miditra amin'ny rafitra fitoriana sy fitsarana ara-pifidianana ny adihevitra.

## 2. Famakafakana ny fifanakalozan-kevitra nataon'ny mpandray anjara

***Olana ankapobeny nambaran'ny mpandray anjara***

- Fahelan'ny fandinihan'ny fitsarana ny raharaha sasany mifandraika amin'ny fifidianana.
- Tsy fahitana sazy mazava na hita maso amin'ny hosoka sy fanitsakitsahana lalàna.
- Sarotra ny fidirana amin'ny fomba fitoriana sy ny fahasarotan'ny fepetra momba ny fandraisana ny fitoriana.
- Tsy fahampian'ny mangarahara amin'ny fikarakarana fitarainana sy fangatahana.
- Fanerena ara-politika sy ahiahy amin'ny fitanilana na kolikoly amin'ny fitsarana sasany.
- Fahalemen'ny fahefana mpanao fanadihadiana, fitorohana sy fanasaziana eny ifotony.
- Olana amin'ny fandraisana porofo.

***Zava-misy niainana sy olana voamarika***

- Fitarainana matetika nolavina na tsy raisina noho ny antony tsy takatry ny vahoaka.
- Misy mpanara-maso sy olom-pirenena voasakana tsy hanangona porofo.
- Matahotra ny hametraka fitoriana ny solontena na vavolombelona amin'ny fanitsakitsahana hita maso.
- Fahataran'ny fitsarana ny raharaha ara-pifidianana ka mahatonga fametrahana vonjimaika mpitondra tsy voafidy na fitohizan'ny tsy fahamarinan-toerana eny an-toerana.
- Tsy ampy fiofanana momba ny lalàna ny antoko politika sy ny olom-pirenena.
- Tsy ampy ny loharanom-bola sy ny mpiasa ao amin'ny fitsarana sy ny rafitra mpanaramaso

***Fomba fanao tsara sy traikefa nozaraina***

- Fametrahana vondrona manokana na rafi-ptsarana manokana ho an'ny fandikan-dalàna ara-pifidianana.
- Fanofanana ny antoko politika, olom-pirenena ary mpanara-maso momba ny fomba fitoriana.
- Fampiasana fitaovana nomerika hitaterana haingana ny tsy fanarahan-dalàna.
- Fanangonana sy fanoratana ny fanapahan-kevitra sy tranga hosoka ho fanatsarana ny lalàna sy ny fisorohana.

## 3. Fironana ankapobeny nivoitra nandritra ny adihevitra

***Ireo teboka nahitana marimaritra iraisana***

- Fanafohezana ny fotoana fitsarana ny raharaha ara-pifidianana.
- Fanamorana ny fomba fitoriana sy fanazavana mazava ny fepetra fandraisana azy.
- Fanamafisana ny sazy heloka bevava amin'ny hosoka sy fanitsakitsahana.
- Fanofanana ny olom-pirenena, antoko politika, mpanara-maso ary tompon'andraikitra.
- Fiantohana ny fahaleovantena sy fangaraharan'ny fitsarana.
- Fiarovana ny vavolombelona, ny solontena ary ny mpitory.

***Ireo teboka niteraka adihevitra na fisalasalana***

- Famoronana Fitsarana manokana ho an'ny fifidianana na fanatsarana ny rafitra efa misy.
- Anjara asan'ny HCC, Conseil d'État, fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana ary rafitra manokana vaovao.
- Fahefana aratsazy omena ny CENI na ajanony ho an'ny fitsarana irery ihany ny fanasaziana.
- Fampiasana teknolojia amin'ny porofo sy fitoriana.
- Fanatanterahana fifidianana vaovao raha misy fanafoanana vokatra.
- Fiverenana amin'ny taratasy sa fanavaozana nomerika ny fitsarana.

## 4. Fanamby voafaritra

***Fanamby ara-dalàna***

- Fanazavana mazava ny fepetra fandraisana fitoriana sy ny fe-potoana.
- Famaritana tsotra sy azo ampiharina ny fandikan-dalàna sy ny sazy.
- Fampifandraisana ny fitsarana misahana ny ady atao amin'ny fanjakana, constitutionnel ary fitsarana heloka bevava.
- Famaritana mazava ny olona afaka mitory amin'ny fitsarana.

***Fanamby ara-pampiharana***

- Fanangonana haingana ny porofo eny ifotony.
- Fanofanana ireo mpanatanteraka, mpanara-maso ary antoko politika.
- Fanamafisana ny hafainganam-pitsarana.
- Fanomezana fitaovana ho an'ny rafi-panadihadiana manokana.

***Fanamby ara-andrim-panjakana***

- Fanamafisana ny fahaleovantenan'ny fitsarana.
- Fanazavana ny anjara asan'ny CENI rehefa mahita fandikan-dalàna.
- Fandrindrana eo amin'ny fitsarana, CENI, mpitandro filaminana, OSC, ary manampahefana eny ifotony.

- Famerenana ny fitokisan'ny vahoaka amin'ny fitsarana ara-pifidianana.

## 5. Sehatra fanavaozana sy tolo-kevitra naroso

***Rafitra ara-dalàna***

- Fanitsiana ny lalàna momba ny fitoriana, fe-potoana, porofo ary sazy.
- Famaritana mazava ny heloka bevava ara-pifidianana sy hosoka lehibe.
- Fanazavana ny fahefan'ny fitsarana sy ny vokatr'ireo fanapahan-kevitra.
- Famoahana torolàlana tsotra ho an'ny vahoaka momba ny fitoriana.

***Fandaminana ara-pitsarana***

- Fandinihana famoronana fitsarana manokana na efitra manokana momba ny fifidianana.
- Fanafainganana ny raharaha anatin'ny fe-potoana hentitra.
- Fametrahana "chaîne judiciaire" manokana ho an'ny raharaha ara-pifidianana.
- Famoahana sy fanazavana ampahibemaso ny fanapahan-kevitra.

***Famakafakana sy fanaraha-maso***

- Fametrahana na fanamafisana "police électorale" hanao fanadihadiana.
- Rafitra fitorohana haingana ny tsy fanarahan-dalàna eny ifotony.
- Fanomezana fahafahana ara-dalàna hanangona porofo ho an'ny mpanara-maso.
- Fiarovana ny vavolombelona sy mpitory.

***Fiofanana sy fanentanana***

- Fanofanana ny antoko politika momba ny fifanolanana sy heloka ara-pifidianana.
- Fanazavana amin'ny olom-pirenena ny fomba fitoriana sy ny fepetra ilaina.
- Fanabeazana ny vahoaka momba ny zo sy ny tsy azo atao mandritra ny fifidianana.
- Fandraisana anjaran'ny mpanao gazety amin'ny fanapariahana ny lalàna.

0***Fandraisana andraikitra***

- Fanasaziana haingana ireo mpanao hosoka, kolikoly, fandrahonana na fanodinkodinana.
- Fanaraha-maso ny fitarainana hatramin'ny farany sy famoahana ny vokatra.
- Fanombanana tsy tapaka ny fahombiazan'ny rafitra fitsarana ara-pifidianana.

### Fehinkevitra momba ny lohahevitra faha-07 : ady sy fandikan-dalàna ara-pifidianana

Navohitry ny adihevitra fa tokony ho haingana, mazava, mahaleotena ary mahomby amin'ny fanasaziana ny fitsarana ara-pifidianana. Ny fahatokisan'ny vahoaka dia miankina amin'ny fahafahan'ny rehetra mametraka amin'ny fitoriana, ny fangaraharana ary ny fampiharana marina ny sazy.



# LOHAHEVITRA FAHA-08 : FANARAHAMASO NY FIFIDIANANA

### 1. Olana lehibe nodinihina

Nifantoka tamin'ny andraikitra, fahaleovantenan'ny mpanara-maso, ny etika, ny fitaovana, ny fanomezan-dàlana ary ny fahombiazan'ny fandraisana anjara amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana ny fifanakalozan-kevitra. Nodinihina ihany koa ny fahaizan'ny mpanara-maso nasionaly sy iraisam-pirenena, ny tanora, ny firaisamonim-pirenena (OSC), ny haino aman-jery, ny fiangonana ary ireo rafitra eny ifotony amin'ny fanamafisana ny fangaraharana amin'ny fifidianana.

### 2. Famakafakana ny fifanakalozan-kevitra nataon'ny mpandray anjara

***Olana ankapobeny nambaran'ny mpandray anjara***

- Heverina ho ambany kalitao indraindray ny fanaraha-maso noho ny tsy fahampian'ny loharanom-bola sy fitaovana.
- Tara ny fanomezana fahazoan-dàlana (accréditation).
- Sarotra amin'ny mpanara-maso sasany ny miditra amin'ny birao fandatsaham-bato.
- Misy mpanara-maso heverina ho "mpikarama" na tsy matihanina.
- Tsy misy vokany mazava ny tatitra ataon'ny mpanara-maso.
- Tsy ampy ny fandrakofana any amin'ny faritra saro-dalana, ka mifantoka amin'ny faritra mora aleha ny fanaraha-maso.

***Zava-misy niainana sy olana voamarika***

- Voatery nampiasa vaditany ny mpanara-maso na solontena sasany mba hahafahana miditra amin'ny birao fandatsaham-bato.
- Mpanaramaso iray mety tsy maintsy mandrakotra birao maro, ka mihena ny kalitaon'ny fanaraha-maso.
- Misy fandrahonana na sakana amin'ny mpanara-maso tsy hahafahany manatanteraka ny asany.
- Tara ny fanomezana « badge » na marika famantarana an-tratra ho an'ny OSC efa vonona.
- Te handray anjara bebe kokoa ny tanora saingy sakana ny fanomezan-dàlana, fiofanana ary fankatoavana.
- Heverina fa tsy mamaly haingana ny CENI amin'ny tatitra voaray.

***Fomba fanao tsara na traikefa nozaraina***

- Fametrahana komity mpanara-maso eny amin'ny fokontany miaraka amin'ny fiangonana na tompon'andraikitra eny ifotony.
- Hevitra momba ny « bureaux témoins » ho jerena manokana.
- Fampiasana rafitra iraisam-paritra toy ny PEMMO an'ny SADC.
- Fampiasana nomerika, kriptografia ary antontan-taratasy ho porofo fanampiny.
- Fananganana "task force" iraisan'ireo mpisehatra amin'ny fanaraha-maso.
- Fampidirana « charte de bonne conduite » sy fanekena an-tsoratra ho an'ny mpanara-maso.

### 3. Fironana ankapobeny nivoaka tamin'ny adihevitra

***Ireo teboka nahitana marima-ritra iraisana***

- Fanamafisana ny fiofanana, etika ary ny mahamatihanina ny mpanara-maso.
- Fanatsarana ny mangara-hara amin'ny fanomezana fahazoan-dàlana.
- Fanomezana fitaovana ampy hanarahana ny faritra lavitra.
- Fiantohana ny fidirana amin'ny birao fandat-saham-bato sy ny vaovao ilaina.
- Fametrahana rafitra mpana-ramaso ny tatitra.
- Fanamafisana ny fanabea-zana ny olompirenena sy mahakasika ny fifidianana ho asa maharitra.

***Hevitra niteraka adihevitra***

- Anjara toeran'ny mpana-ra-maso, solontenan'ny kan-didà ary tompon'andraikitra eo an-toerana.
- Famoahana vokatra mifa-nindry an-dalana na fanara-ha-maso fotsiny.
- Famatsiam-bola ny mpana-ra-maso sy loza mety hitera-ka fiankinana ara-bola.
- Anjara toeran'ny fiangonana, ray aman-dreny ara-pomba, tanora ary haino aman-jery.
- Fampiasana teknolojia ho porofo na rafitra fanara-ha-maso fototra.

### 4. Fanamby voafaritra

***Fanamby ara-dalàna***

- Fanazavana mazava ny zo sy andraikitry ny mpana-ra-maso.
- Fanaraha-maso ny fanome-zana badge mba hisorohana ny fitongilanana.
- Famaritana ny lanjan'ny ta-titra sy porofo (sary, vidéo, sns).
- Fanapahan-kevitra mazava momba ny vokatra sy ny fa-narahana ny tatitra.

***Fanamby ara-pampiharana***

- Fandrakofana ny faritra saro-tra aleha.
- Fampiofanana feno ny mpa-nara-maso
- Fiantohana ny fiarovana azy ireo.
- Fanomezana fitaovam-pita-terana sy fifandraisana.

***Fanamby ara-an-drim-pan-jakana***

- Fanamafisana ny fiara-ha-miasa CENI, OSC, BIAN-CO, haino aman-jery ary mpisehatra hafa.
- Fiantohana ny fahaleovante-nan'ny mpanara-maso.
- Fisorohana ny fanararaotana ara-politika.
- Fanatsarana ny fandrai-san'ny CENI ny tatitra.

### 5. Sehatra fanavaozana sy tolo-kevitra naroso

***Rafitra ara-dalàna***

- Famoahana mazava ny fepetra hahazoana ny fahazoan-dàlana.
- Famaritana ny torolalana mifehy ny asa na "termes de référence" amin'ny asa fana-raha-maso.
- Fanekena ny fitsipi-piton-dran-tena sy ny etika ary tsy fitongilanana.
- Famaritana ny zo midi-tra amin'ny birao sy ny ahazoana PV.

***Fandaminana ny fanaraha-maso***

- Fametrahana birao fandat-saham-bato "témoins".
- Fananganana task force irai-sana.
- Fanomanana mialoha ny fa-nomezan-dàlana.
- Fandrindrana ny fandrakofa-na faritra.

***Fiofanana sy etika***

- Fampiofanana momba ny lalàna sy fanoratana tatitra.
- Fiadiana amin'ny kolikoly sy fikaramana an'ady.
- Fananganana Sata mifehy ny fitondran-tena mendrika
- Fanombanana ny kalitaon'ny asa.

***Fitaovana sy fiarovana***

- Fanomezana vola sy fitaovana ho an'ny OSC.
- Fiarovana ny mpa-nara-maso tandindo-min-doza.



- Fanamorana fitaterana any amin'ny faritra lavitra.
- Fampidirana tanora, vehivavy ary olona manana fahasembanana.

***Teknolojia sy porofo***

- Fampiasana fitaovana nomerika.
- Fitehirizana taratasy ho fanamarinana.
- Fametrahana cellule de veille.
- Fandinihana fepetra amin'ny famoahana angona voafehy.

***Fangaraharana***

- Famoahana lisitra mpanara-maso sy faritra iandraiketany.
- Fampahafantarana ny vokatra sy ny fanarahana ny tatitra.
- Fanamafisana fiaraha-miasa CENI–OSC–haino aman-jery.

### Fehinkevitra momba ny lohahevitra faha-08 : Fanarahamaso ny fifidianana

Nivohitra nandritra ny adihevitra fa ny fanaraha-maso ny fifidianana dia afaka manampy amin'ny fitokisana ny voka-pifidianana raha toa ka mahaleo tena, matihanina, voaofana tsara, manana fitaovana ampy ary ampiasaina ny tatitra vokariny.

# LOHAHEVITRA FAHA-09 : FANDRAISAN'ANJARAN'NY REHETRA / FAMPIATIANA



### 1. Votoatin'ny fifanakalozan-kevitra

Nifantoka tamin'ny fandraisan'anjaran'ny olom-pirenena rehetra amin'ny fizotry ny fifidianana ny fifanakalozan-kevitra, indrindra ireo vehivavy, tanora, olona manana fahasembanana, mponina eny ambanivohitra sy any amin'ny faritra saro-dalana, mpifindra monina anatiny, olona voatazona an-tranomaizina mbola tsy voaheloka, ary ireo olom-pirenena miatrika fahasarotana amin'ny fahazoana taratasy ara-panjakana.

Ny olana fototra dia ny fiantohana ny fitovian-jo tena misy sy iainana, mihoatra lavitra noho ny fitoviana ara-dalàna voarakitry ny lalàna.

### 2. Famakafakana ny fifanakalozan-kevitra nataon'ny mpandray anjara

***a. Olana ankapobeny nambaran'ny mpandray anjara***

- Fisian'ny fanilikilihana na taha ambanin'ny fandraisan'anjaran'ny sokajin'olom-pirenena sasany, indrindra ny vehivavy, ny tanora, ny olona manana fahasembanana ary ireo marefo.
- Fahasarotana amin'ny fahazoana kara-panondrom-pirenena, kopian'ny sora-piankohonana ary taratasy ilaina amin'ny fisoratana anarana hifidy.
- Fanilikilihana ireo faritra ambanivohitra, lavitra na sarotra aleha.
- Fandraisana anjara ambany ataon'ny vehivavy amin'ny rafitra eo an-toerana, birao fandatsaham-bato ary toerana azo fidiana, matetika noho ny fomba amam-panao, ny fanabeazana ary ny sakana ara-toekarena.
- Tsy fahampian'ny fandraisan'anjaran'ny tanora amin'ny fitantanana sy ny raharaham-pirenena ary amin'ny firotsahana hofidiana.
- Tsy fahafahan'ny olona sasany miditra amin'ny birao fandatsaham-bato ho an'ireo

mampiasa seza misy kodiarana.

***b. Zava-misy niainana sy olana voamarika***

- Tsy voasoratra ao anaty lisitry ny mpifidy foana ny olona manana fahasembanana, ary maro no tsy manana kara-panondrom-pirenena.
- Any amin'ny faritra sasany, ny fomba amam-panao dia mametra ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy ka manery azy ireo hijanona amin'ny asa an-trano.
- Ireo mpifindra monina dia tsy voasoratra amin'ny toerana tena ipetrahany.
- Misy rafitra ho an'ny tanora toy ny filankevitry ny tanora, saingy tsy ampiharina na tsy mahasarika.
- Heverina ho zavatra mifandray amin'ny vola ny politika, ka manakana ny vehivavy, ny tanora ary ny olom-pirenena sahirana.
- Ny tsy fahampian'ny fanabeazana amin'ny maha olompirenena sy ara-pifidianana dia mampihena ny fahatakaran'ny olom-pirenena ny zo sy andraikiny.

***d. Fomba fanao tsara na traikefa nozaraina***

- Fampiasana taratasy na fitaovana mifanaraka amin'ny olona manana fahasembanana amin'ny fahitana, toy ny latsa-bato amin'ny braille rehefa misy.
- Fandraisana an-tanana manokana ny olona manana fahasembanana amin'ny fanisana sy fisoratana anarana.
- Misy hetsika fanofanana sy fampiroboroboana ny fahaiza-mitarika ho an'ny tanora sy ny zazavavy, indrindra amin'ny alalan'ny ONG sy fikambanana sivily.
- Fampiasana ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena, ny kaominina, ny fokontany, ny sekoly ary ny rafitra tanora amin'ny fanabeazana sivika.
- Fampiasana antontanisa voazara araka ny lahy sy vavy, taona, fahasembanana ary toerana mba hanatsarana ny politika.

## 3. Fironana ankapobeny nivoaka tamin'ny adihevitra

***Teboka nifanarahana***

- Fanamafisana ny fanabeazana olom-pirenena sy ara-pifidianana ho an'ny rehetra.
- Fanamorana ny fahazoana kara-panondrom-pirenena sy taratasy ilaina amin'ny fisoratana anarana.
- Fanamorana ny fidiran'ny olona marefo sy manana fahasembanana ao amin'ny birao fandatsaham-bato.
- Fampiroboroboana ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy, ny tanora ary ny olona manana fahasembanana amin'ny dingana rehetra.
- Fepetra manokana ho an'ny faritra ambanivohitra sy saro-dalana.
- Ady amin'ny fanavakavahana, tsindry ara-politika, fomba amam-panao manilika ary fanararaotana ny marefo.

***Teboka niteraka adihevitra na fisalasalana***

- Fametrahana na tsia ny quota (toy ny "quota zébré") ho an'ny vehivavy sy ny tanora.
- Fampidinana ny taona farany ambany hahafahana mirotsaka hofidiana.
- Fandehanana mifidy tsy maintsy atao sa mijanona ho zo malalaka sa tsy tsy maintsy atao fa mahazo manao vato fotsy
- Fepetra ara-bola manokana ho an'ny vehivavy na fitoviana amin'ny fandoavana antoka ho an'ny kandidà rehetra.
- Fahaiza-manao ara-teknika sy ara-bola amin'ny fitaovana manokana ho an'ny olona manana fahasembanana (oh: braille).
- Fandraisan'anjaran'ny diaspora, izay mety mitaky fanitsiana lalàm-panorenana.

## 4. Fanamby voafaritra

***Fanamby ara-dalàna***

- Fanazavana mazava ny zon'ny olona voatazona an-tranomaizina mbola tsy voaheloka.
- Fanomezana rafitra ara-dalàna hanohanana ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy, tanora ary olona manana fahasembanana.
- Fisorohana ny fepetra fanitsiana tsy hiteraka fanavakavahana vaovao.
- Fijerena ny fifidianan'ny diaspora

***Fanamby ara-pampiharana***

- Fampiharana hetsika lehibe hanomezana kara-panondrom-pirenena sy taratasy ilaina.
- Fanatsarana ny fidirana ara-batana amin'ny birao fandatsaham-bato.
- Famantarana sy fisoratana anarana ireo marefo sy mpifindra monina.
- Fanangonana antontanisa marina voazara araka ny sokajy sosialy.
- Fanamafisana fanabeazana sivika maharitra eny amin'ny sekoly, kaominina, fokontany, tsena, fiangonana ary toerana maro samihafa.

***Fanamby ara-panjakana***

- Fanamafisana ny fandrindrana eo amin'ny CENI, ny ministera voakasika, ny vondrom-piarahamonina eny ifotony, ny ONG sy ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika.
- Fampandraisana anjara ireo rafitra tanora, mpitarika nentim-paharazana, fikambanan'ny vehivavy ary fikamba-

nana misahana ny olona manana fahasembanana (PSH).

- Fiantohana ny fisian'ny solontena tena izy avy amin'ny vehivavy, tanora ary PSH amin'ny birao fandatsaham-bato, hetsika fanentanana ary sehatra fifampidinihana.
- Fanalefahana ny tsy fahalianan'ny olom-pirenena amin'ny politika sy fanarenana ny fahatokisana amin'ny fizotry ny fifidianana.

## 5. Sehatra fanavaozana sy tolo-kevitra naroso

***Rafitra ara-dalàna***

- Fanazavana mazava ny zon'ny olona voatazona an-tranomaizina mbola tsy voaheloka momba ny fifidianana sy ny firotsahana hofidiana.
- Fametrahana fepetra ara-dalàna miantoka ny fahafahan'ny olona manana fahasembanana mandray anjara amin'ny fifidianana.
- Fandinihana ny rafitra "quota" na fifandimbiasana (alternance) hanamafisana ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy sy ny tanora.
- Famakafakana ny taona farany ambany ahafahana mirotsaka hofidiana mba hampitovy ny fahafahana nefa tsy manalefaka ny fepetra takiana amin'ny andraikitra.

***Fandaminana ara-pitantanana***

- Fanamorana ny fahazoana kara-panondrom-pirenena (CNI) sy taratasy ara-panjakana ho an'ny olom-pirenena rehetra, indrindra any amin'ny faritra lavitra.
- Fametrahana rafitra fisoratana anarana mifanaraka amin'ny olona manana fahasembanana, ny mpifindra monina ary ireo monina mitokana.
- Fanatsarana ny fidirana sy fahafahan'ny rehetra mampiasa ny birao fandatsaham-bato, miaraka amin'ny fitaovana mifanaraka amin'ny karazana fahasembanana.
- Fanomezana antontanisa voazara araka ny sokajy (lahy/vavy, taona, fahasembanana, toerana) hanohanana ny politika momba ny fampidirana.

***Fanabeazana olom-pirenena sy fanentanana***

- Fampidirana ny fampianarana momba ny fitantanana, ny maha-olom-pirenena ary ny politika hatrany an-tsekoly.
- Fanamafisana ny fanabeazana sivika ho an'ny vehivavy, ny tanora, ny lehilahy ary ny zazalahy mba handresena ireo sakana ara-tsosialy sy ara-kolontsaina.
- Fanohanana sy famelomana ireo rafitra fanabeazana olom-pirenena toy ny skoto, trano/foiben'ny tanora, filankevitry ny tanora ary hetsika ataon'ny fikambanana.
- Fampiroboroboana fanentanana maharitra, fa tsy voafetra amin'ny fotoam-pifidianana ihany.

***Fandraisan'anjaran'ny vehivavy***

- Fanentanana ireo mpitarika nentim-paharazana sy vondrom-piarahamonina hanalefahana ny sakana ara-kolontsaina manohitra ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy.
- Fanamafisana ny fisian'ny vehivavy ao amin'ny birao fandatsaham-bato, ny fokontany, ny sehatra fifampidinihana ary amin'ny firotsahana hofidiana.
- Fanohanana ny fahaiza-mitarika sy ny fahaleovantenan'ny vehivavy ara-toekarena mba hampitomboana ny fandraisany anjara amin'ny fifidianana.
- Ady amin'ny fomba fijery sy fitsipika ara-tsosialy izay mametra ny politika ho an'ny lehilahy ihany.

***Fandraisan'anjaran'ny Tanora***

- Fampandehanana amin'ny fomba tena miasa ny filankevitry ny tanora sy fanavaozana ny lalàna mifehy azy ireo.
- Fikarakarana symposium na sehatra fifanakalozan-kevitra ho an'ny tanora momba ny politika nasionaly sy ny fitantanana ny firenena.
- Fanatsarana ny fisarihana sy ny fahafahan'ny tanora miditra amin'ireo rafitra efa misy, indrindra eny amin'ny kaominina.
- Fanomezana fahafahana ny tanora handray anjara amin'ny firotsahana hofidiana sy andraikitra ara-pitantanana araka ny fitsipiky ny fitovian-jo sy ny fahafahana mitovy.

***Fandraisan'anjaran'ny olona manana fahasembanana*** (PSH)

- Fametrahana rafitra manokana hanoratana anarana amin'ny fifidianana ho an'ny PSH.
- Fanamboarana sy fanitsiana ny birao fandatsaham-bato, ny fitaovana fampahafantarana ary,



raha azo atao, ny fomba fifidianana mifanaraka amin'ny karazana fahasembanana.

- Fanomezana lanja ny fahaiza-manaon'ny PSH amin'ny fanentanana, fanaraha-maso ary hetsika ara-pifidianana.
- Fanamafisana ny fiaraha-miasa amin'ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ireo fikambanana manampahaizana manokana mba hanomezana fahafaham-po ny filàna ara-materialy.

***Fangaraharana sy fiarovana***

- Ady amin'ny fanararaotana ara-politika ataon'ny vondron'olona marefo.
- Fisorohana ny fanavakavahana mifototra amin'ny lahy sy vavy, fahasembanana, taona, toerana ara-jeografika na firehana ara-politika.
- Famoahana ampahibemaso ny antontanisa sy ny fepetra noraisina ho fanohanana ny fampidirana sy fandraisan'anjaran'ny rehetra amin'ny fifidianana.
- Fanarahamaso tena izy sy mahomby ny fanatanterahana ireo tolo-kevitra momba ny fampidirana.

### Fehinkevitra momba ny lohahevitra faha-09 : Fandraisan'anjaran'ny rehetra / fampiatina

Hita tamin'ireo adihevitra fa tsy mijanona amin'ny fanekena ara-dalàna ny zo hifidy na hirotsaka hofidiana.Mitaky fepetra izy io, toy ny fahazoana taratasy ara-panjakana, sy fampahalalana, fahafahana manara-maso amin'ny birao fandatsaham-bato, fandraisana andraikitra ara-politika, ary ny ady atao amin'ny fanavakavahana.
Noho izany, ny fanavaozana andrasana dia tokony hampifandray ny rafitra ara-dalàna, ny fanamorana ara-materialy, ny fanabeazana sivika, ny antontanisa marina, ny fandraisan'anjaran'ny ONG sy ny fiarahamonim-pirenena, ary ny finiavana ara-panjakana, mba hahafahan'ny olom-pirenena tsirairay mandray anjara marina sy feno amin'ny fizotry ny fifidianana.

### 1. Votoatin'ny fifanakalozan-kevitra

Nifantoka tamin'ny fahazavana, ny fifanarahan-kevitra anatiny, ny fampahafantarana ary ny fahafahan'ny lalàna mifehy ny fifidianana ampiharina ny fifanakalozan-kevitra.
Nasongadin'ny mpandray anjara ny ilàna fanangonana sy fampivondronana ireo lalàna, fanazavana mazava ireo fepetra sarotra takarina, fanatsarana ny kalitaon'ny fanoratana ny lalàna, ary fiantohana fa azon'ny mpisehatra ara-politika, andrim-panjakana ary olom-pirenena tsara ny fitsipika.

### 2. Famakafakana ny fifanakalozan-kevitra

***a. Olana lehibe nambara***

- Heverina ho miparitaka, lava, teknika loatra, indraindray manjavozavo na sarotra ampiharina ny lalàna mifehy ny fifidianana.
- Misy tsy fahazavana amin'ny fepetra sasany, indrindra ireo mikasika ny fanokafana na fanakatonana (gel) ny lisitry ny mpifidy.
- Fampiasana didy aman-dalàna manokana (ordonnances, décrets) mety hampihena

## LOHAHEVITRA FAHA-10 :

# FEHEZAN-DALANA MIFEHY NY FIFIDIANANA



ny fahamarinan-toeran'ny rafitra.

- Tsy ampy ny fanapariahana sy fanazavana ny lalàna ho an'ny olom-pirenena.
- Fiankinandohan'ny CENI amin'ny fitantanan-draharaha sy ara-bola amin'ny governemanta mety manimba ny fampiharana feno ny lalàna.
- Elanelana misy eo amin'ny fisian'ny lalàna sy ny fampiharana azy eny ifotony.

***b. Zava-misy sy fahasahiranana hita***

- Tsy mazava indraindray ny fampiharana ny lalàna momba ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy sy ny fanisana.
- Fahasarotana amin'ny fampahafantarana sy ny fahatongavan'ny lalàna miasa aorian'ny famoahana ao amin'ny Gazety ofisialy.
- Tsy fahatakaran'ny mpisehatra sasany ny lalàna, eny fa na dia eny ifotony aza.
- Misy mety fifanoherana eo amin'ny lalàna organika, lalàna tsotra ary didy amam-pitsipika.
- Ilaina ny fanavahana mazava ny anjara asan'ny lalàna, didy, fanapahan-kevitry ny CENI ary ny fitsarana.
- Tsy ampy ny tahirin-kevitra voaangona sy mitambatra ahafahana mijery haingana ny lalàna rehetra.

***d. Fomba fanao tsara na traikefa nozaraina***

- Fanazavana lalindalina momba ny andininy faha-42, ny fahaleovantenan'ny CENI ary ny fomba fampahafantarana ny lalàna.
- Fampitahana rafitra samihafa: fitantanan-draharaham-panjakana, CENI mahaleo tena, ary rafitra mifangaro.
- Tolo-kevitra hanangonana ny fehezan-dalana sy ny lalàna mifandraika ao anaty boky iray.
- Fanamafisana ny fanoratana lalàna fohy, mazava ary mora ampiharina.
- Fanentanana amin'ny fanazavana sy fandikana ny lalàna amin'ny fiteny mora takarina ho an'ny olom-pirenena.

## 3. Fironana ankapobeny nivoaka tamin'ny adihevitra

***Teboka nifanarahana***

- Fanatsarana ny fahazavan'ny fehezan-dalana mifehy ny fifidianana sy ny fahafahana miditra aminy.
- Fampivondronana ny lalàna rehetra ao anaty tahirin-kevitra tokana.
- Fanazavana mazava ireo fepetra manjavozavo sy rafitra manokana.
- Fanamafisana ny fanaparitahana lalàna amin'ny olom-pirenena, antoko politika, ONG ary fitantanan-draharaha.
- Fanatsarana ny fifandraisana eo amin'ny fahaleovantenan'ny CENI, ny andraikitry ny fanjakana ary ny fitsarana.
- Fampiharana fitsipika milami-



na, fantatra mialoha ary azo tanterahina.

***Teboka niteraka adihevitra***

- Ny fitazonana, fanavaozana na fanovàna lalina ny CENI.
- Fandikana sy fetran'ny andininy faha-42 momba ny lisitry ny mpifidy.
- Anjara asan'ny HCC sy ny fitsarana hafa.
- Fepetra ara-bola sy fahaleovantenan'ny CENI.
- Fizarana fahefana eo amin'ny lalàna, didy ary fanapahan-kevitry ny CENI.
- Fampifanarahana ny lalàna amin'ny zava-misy eto an-toerana fa tsy maka tahaka fotsiny ny rafitra vahiny.

## 4. Fanamby hita

***Fanamby ara-dalàna***

- Fanamafisana sy fampiraisana ny lalàna mba hanafoanana ny fifanoherana.
- Fanazavana mazava ireo andininy manjavozavo hiantohana ny fahamarinan'ny lalàna.
- Famaritana mazava ny fidiran'ny lalàna amin'ny heriny sy ny fampahafantarana azy.
- Fanarahamaso hentitra ny fampiasana fepetra manokana mba hisorohana ny fanararaotana.

***Fanamby ara-pampiharana***

- Fanaparitahana ireo lalàna voangona sy voarindra amin'ny mpisehatra eny ifotony.
- Fanofanana ny mpiasa sy rafitra rehetra amin'ny fampiharana ny fehezan-dalana.
- Fananganana boky torolàlana sy dika mora takarina amin'ny teny malagasy.
- Fanavaozana tsy tapaka ny fitaovana ara-dalàna isaky ny misy fanavaozana.

***Fanamby ara-panjakana***

- Fiantohana ny fahaleovantenan'ny CENI ara-bola sy ara-pitantanana.
- Fanazavana mazava ny fifandraisana eo amin'ny CENI, Minisiteran'ny Atitany, fitsarana ary vondrom-panjakana.
- Famerana ny fidiran'ny fanjakana mety hanimba ny fahaleovantenan'ny fitantanana fifidianana.
- Fanamafisana ny fitokisana amin'ny fampiharana ara-drariny ny lalàna.

## 5. Tolo-kevitra naroso

- Fampiraisana sy fanitsiana (codification)
- Fampivondronana ny lalàna rehetra mifehy ny fifidianana ao anaty boky tokana.
- Fanavaozana ireo fepetra mifanohitra na miverimberina.
- Fanoratana andininy fohy sy mazava ary azo ampiharina mivantana.
- Fametrahana tabilao mampifandray ny lalàna taloha sy vaovao.

***Fanazavana ara-dalàna***

- Fanazavana mazava ny andininy mikasika lisitra, fe-potoana, fitoriana ary fahefana andrim-panjakana.
- Famerana hentitra ny fampiasana didy manokana mandritra ny fifidianana.
- Fanazavana ny fahefan'ny CENI sy ny fetran'ny fidiran'ny governemanta.
- Fiarovana ara-dalàna ny fanokafana, fanakatonana ary fanavaozana ny lisitra.

***Fanaparitahana sy fampahafantarana***

- Fandikana amin'ny teny malagasy sy amin'ny fomba mora takarina.
- Fanomezana boky torolàlana ho an'ny kandidà, antoko, ONG ary olom-pirenena.
- Fanofanana alohan'ny tsingerim-pifidianana tsirairay.
- Fampiasana haino aman-jery sy sehatra nomerika.

***Fahaleovantenan'ny andrim-panjakana***

- Fanitsiana ara-bola hiantohana ny fahaleovantenan'ny CENI.
- Fanazavana ny satan'ny mpiasa sy fanalefahana fitsabahana.
- Fametrahana rafitra fanaraha-maso tsy manimba ny fahaleovantena.
- Fanamafisana ny mangarahara sy ny traceabilité amin'ny fanapahan-kevitra.

***Fampiharana sy sazy***

- Sazy tsotra, mifandanja ary azo ampiharina.
- Fanofanana ireo mpanara-maso ny fandikan-dalàna.
- Famoahana ampahibemaso ny raharaha sy fanapahan-kevitra.
- Fanombanana tsy tapaka ny fampiharana ny lalàna mifehy ny fifidianana.

## Fehinkevitra momba ny lohahevitra faha -10 : Fehezan-dalàna mifehy ny fifidianana

Ny adihevitra dia manamafy fa ny fanavaozana ny lalàna mifehy ny fifidianana dia tokony hifantoka amin'ny fiarovana ara-dalàna, fanamorana, fahazavana ary fahombiazan'ny fampiharana azy.

# LOHAHEVITRA N°11 :

# RAFITRA MISAHANA NY FITANTANANA NY FIFIDIANANA (OGE / CENI)




## 1. Votoatin'ny fifanakalozan-kevitra

Nifantoka tamin'ny sata, ny fahaleovantenan'ny andrim-pifidianana, ny firafiny, ny famatsiam-bola, ny mpiasa, ny fahefana ary ny fahatokisan'ny vahoaka ny fifanakalozan-kevitra.
Nohadihadiana manokana ny CENI, ny fahaleovantenany marina, ny fifandraisany amin'ny Fanjakana, ny andraikiny amin'ny fanatanterahana ny fifidianana, ary ny andrasan'ny olom-pirenena amin'ny tsy fitongilanana.

## 2. Famakafakana ny fifanakalozan-kevitra

***a. Olana lehibe nambara***

- Heverina fa tsy ampy ny fiantohana ny fahaleovantenan'ny CENI ara-pitantanana, ara-bola ary ara-pitaovana.
- Misy fitsabahan'ny fitondram-panjakana sy ny rafitra eny ifotony (fokontany, distrika, préfecture) amin'ny asa fifidianana.
- Tsy manana mpiasa maharitra sy manokana ho an'ny CENI ny rafitra, matetika miankina amin'ny mpiasam-panjakana.
- Tsy manana fahefana hanasazy na hanafoana vokatra ny CENI.
- Heverina ho malemy ny fifandraisana sy ny valin-teny amin'ny fiampangana sy ny tsy fanarahan-dalàna.
- Misy tsy fahatokisana ka nisy aza ny soso-kevitra hanafoanana na hanavao tanteraka ny CENI.

***b. Zava-misy sy fahasahiranana hita***

- Fiankinan-doha amin'ny tetibolam-panjakana ka mahatonga fahatarana amin'ny famatsiam-bola.
- Anjara andraikitry ny fitantanan-draharaham-panjakana indraindray manjavozavo amin'ny asa eny ifotony.
- Tsy ampy ny fahitana ny fandraisana anjara eny ifotony na dia misy ezaka ho an'ny olona manana fahasembanana aza.
- Fanerena ara-politika sy ahiahy amin'ny kolikoly, ary fahalemena amin'ny fifandraisana amin'ny vahoaka.
- Tsy voaangona sy tsy ampiasaina ampy ny traikefa sy tolo-kevitra teo aloha.

***d. Fomba fanao tsara na traikefa nozaraina***

- Fampitahana amin'ny firenena hafa toy ny Burkina Faso, Sénégal, Ghana momba ny rafitra fitantanana fifidianana.
- Fanekena ny ilàna mpiasa manana sata mazava.
- Tolo-kevitra hanaovana antso fisoratana anarana na fifaninanana ho an'ny fandraisana mpiasa.
- Fandraisana anjaran'ny ONG, mpanao gazety, antoko politika ary manampahaizana amin'ny fifanakalozan-kevitra.
- Fanamafisana ny fanaparitahana sy fanapariahana ny CENI eny amin'ny faritra.

## 3. Fironana ankapobeny nivoaka tamin'ny adihevitra

***Teboka nifanarahana***

- Fanamafisana ny fahaleovantenan'ny OGE/ CENI ara-pitantanana, ara-bola ary ara-pitaovana.
- Fanatsarana ny fifandraisana amin'ny vahoaka sy ny tamberin'andraikitra (redevabilité).
- Fampandraisana anjara bebe kokoa ny antoko politika, ONG, tanora, haino aman-jery, manampahaizana ary olona manana fahasembanana.
- Fanazavana mazava ny fahefana sy andraikitry ny CENI.
- Fisorohana ny fitsabahan'ny fanjakana sy ny mpisehatra politika.

***Teboka niteraka adihevitra***

- Fanafoanana ny CENI sa fanavaozana anatiny sa fitazonana azy amin'ny endrika nohatsaraina.
- Famerenana ny fitantanana fifidianana amin'ny Ministeran'ny Atitany sa rafitra mahaleo tena.
- Fomba fanendrena na fifidianana ny mpikambana ao amin'ny CENI.
- Fahefana amin'ny famoahana vokatra farany (CENI sa fitsarana).
- Fandraisana anjaran'ny antoko mpanohitra, ONG ary sokajin'olona samihafa.
- Anjara toeran'ny mpamatsy vola sy ny famatsiam-bola nasionaly.

## 4. Fanamby hita

***Fanamby ara-dalàna***

- Fanazavana mazava ny sata ara-dalàna na ara-pitsipika mifehy ny OGE.
- Famaritana ny zon'ny mpiasa, andraikitra ary fiarovana.
- Fanazavana ny fahefana amin'ny fanasaziana sy famoahana vokatra.
- Famaritana mazava ny fomba fanendrena sy fanesorana mpikambana.

***Fanamby ara-pampiharana***

- Fiantohana famatsiam-bola ara-potoana.
- Fanapariahana ara-teknika sy ara-lojistika.
- Fanofanana maharitra ny mpiasa.
- Fametrahana rafitra fanaraha-maso sy audit anatiny.

***Fanamby ara-panjakana***

- Fanarenana ny fahatokisan'ny vahoaka amin'ny CENI.
- Fiantohana ny tsy fitongilanana manoloana ny tsindry politika.
- Fanazavana mazava ny fifandraisana amin'ny fanjakana, fitsarana ary ONG.
- Fampiasana sy fanamafisana ny traikefa teo aloha.

## 5. Lalan'ny fanavaozana sy tolo-kevitra

***Sata sy fahaleovantena***

- Fanamafisana ara-dalàna ny fahaleovantenan'ny OGE.
- Fametrahana tetibola mazava mifanaraka amin'ny tetiandrom-pifidianana.
- Famerana ny fitsabahan'ny rafitra hafa amin'ny asa fifidianana.
- Fiantohana fahaleovantena amin'ny fanapahan-kevitra ara-panjakana.

***Firafitra sy fandraisana mpikambana***

- Fanavaozana ny fomba fanendrena mba hampihenana ny fifandraisana politika.
- Famaritana fepetra hentitra: fahaiza-manao, fahitsiana, fahaleovantena.
- Fandraisana mpiasa sasany amin'ny antso mangarahara na fifaninanana.
- Fandraisana anjara voalanjalanja amin'ny rehetra.

***Mpiasa sy fanatsarana matihanina***

- Fametrahana sata manokana ho an'ny mpiasa misahana fifidianana.
- Fanofanana tsy tapaka.
- Fiarovana amin'ny tsindry sy fitsabahana.
- Fanangonana sy fampiasana ny traikefa efa misy.

***Fahefana sy andraikitra***

- Fanazavana ny fahefana amin'ny fanamarinana sy fanasaziana.
- Famaritana mazava ny famoahana vokatra vonjimaika sy farany.
- Fanaraha-maso aorian'ny fifidianana (audit).
- Famoronana tahirin-draharaha momba ny hosoka sy tsy fanarahan-dalàna.
- Fandraisana anjara sy Fangaraharana
- Fananganana rafitra fifanakalozan-kevitra maharitra.
- Fanatsarana ny fifandraisana amin'ny vahoaka.
- Famoahana tatitra, tetibola ary fanapahan-kevitra.
- Fandraisana anjara mavitrika ny PSH sy ny mpisehatra eny ifotony.

***Fangaraharana***

- Fampahafantarana ny fomba fanendrena sy famatsiam-bola.
- Fanatanterahana audit tsy miankina.
- Fampahafantarana ny fanapahan-kevitra sy fanitsiana natao.

## Fehinkevitra momba ny lohahevitra faha-11 : Rafitra misahana ny fitantanana ny fifidianana

Hita tamin'ny adihevitra fa tsy ny fisian'ny andrim-pifidianana ihany no zava-dehibe, fa ny fahafahany miasa amin'ny fomba mahaleo tena, matihanina, mangarahara ary azo itokisana.

# VII. FAMARANANA ANKAPOBENY

Naneho hevitra ireo mpandray anjara fa ilaina ny fanatsarana lalina ny rafitra fifidianana eto Madagasikara, amin’ny fanamafisana ny lisitry ny mpifidy, ny fitokisan’ny andrim-pifidianana, ny mangarahara amin’ny vokatra, ny fitsarana ara-pifidianana, ary ny fandraisan’anjaran’ny olom-pirenena.

Nisongadina ihany koa fa mbola mila fifanakalozan-kevitra fanampiny ny fanontaniana lehibe toy ny biometrika, ny fitantanana ny CENI, ny tetiandrom-pifidianana, ny fepetra firotsahana hofidiana ary ny famatsiam-bola ara-politika.

Ireo tolo-kevitra ireo dia fototra lehibe hanohizana ny fanavaozana ny rafitra ara-pifidianana sy hanamafisana ny demokrasia eto Madagasikara. Faminitinana ihany no anatin’ity tatitra ity fa afaka jerena ao amin’ny tranokalan’ny CENI ny andinindinini’ny fanehoankevitra.

**Ity tatitra ity dia azo jerena ihany koa ao amin'ny www.ceni-madagascar.mg**
**© CENI 2026**



# Lisitr'ireo antokon-draharaham-panjakana sy vondrona nandray anjara tamin'ny atrikasa

**127**
Antokon-draharaham-panjakana

### INSTITUTIONS ET MINISTERES

1 PRESIDENCE DE LA REFONDATION DE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR
2 PRIMATURE
3 HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE
4 HCDDED
5 CNIDH
6 MINISTERE DE l'INTERIEUR ET DE LA DECENTRALISATION
7 MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES
8 MINISTERE DES FORCES ARMEES
9 MINISTERE DE LA POPULATION ET DES SOLIDARITES
10 MINISTERE DE LA JUSTICE
11 MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR ET DES RECHERCHES SCIENTIFIQUESES
12 BIANCO
13 SAMIFIN
14 CSI
15 COURS SUPREME

### JURIDICTIONS ELECTORALES

16 CONSEIL D'ETAT
17 TRIBUNAL ADMINISTRATIF D'ANTANANARIVO

### REPRESENTANTS DE L'ETAT

18 PREFET MAHAJANGA
19 PREFET ANTANANARIVO
20 PREFET AVARADRANO
21 ANCIEN PREFET DE NOSY BE

### COLLECTIVITE TERRITORIALE DECENTRALISE

22 COMMUNE RURALE D'IVATO

### SYNDICATS ET ORDRES RESPONSABLES RELI

23 REPRESENTANTS DES AMPANJAKA
24 F.C.R.T.M
25 ORDRE DES AVOCATS
26 SYNAD
27 SSM
28 SPPM
29 BATONNIER ORDRE ABM

### PARTIS POLITIQUES

30 ADN
31 AFIMA
32 AKFM FANAVAOZANA
33 AMP
34 ANTOKO MAITSO
35 APM
36 AREMA
37 HARENA
38 AVANA
39 AVI
40 FMI MALAGASY
41 FITAMBOLAGNELA
42 GAR
43 GFFM
44 GJMP
45 GLM
46 HUMANISTE ECOLOGIQUE
47 HIARAKA ISIKA
48 HVM
49 KINTANA
50 LEADER FANILO
51 MAFAGASIKARANTSIKA
52 MDM
53 MFM
54 MMM
55 MONIMA KA MIVIOMBIO
56 MOUVEMENT GASIKARA
57 OTRIKAFO
58 PARTI LIBERAL DEMOCRATE
59 PRO SITENY
60 PSD
61 RCR
62 RDS
63 RPSD
64 RPSD VAOVAO
65 TAMAMI
66 TAMBATRA
67 TEZA
68 TGV
69 TAFA
70 TIM
71 TSARATAHAFINA
72 VHT
73 VONJY IRAY TSY MIVAKY
74 ZAMA
75 ISIKA MPANDRESY
76 ALFA
77 GRADILOAFO
78 SFDM
79 ILO MADA
80 RPMU
81 KFIM

### OSC ET SOCIETE CIVILE

83 GAMFA
84 Justice et Paix
85 ONG Tolotsoa
86 KMF/CNOE FANABEAZANA OLOMPIRENENA
87 LIBERTY 32
88 FEMWISE AFRICA
89 JCI ANTSIRANANA
90 CROIX ROUGE MALAGASY
91 Asiciation VOLOHAZOBE de Tuléar
92 ACCES ZON'OLOMBELONA
93 OBSERVATOIRE SAFIDY
94 GOSC
95 TRANSPARENCY INITIATIVE MADAGASACAR
96 GEN PACIF
97 TAFARAY
98 ADIDY VAO ZO
99 ASSOCIATION DIEGO SUAREZ (MUSULMANE)
100 IPARTCIPATE
101 REPRESENTANT GEN Y
102 REPRESENTANT GEN Z
103 AWLN
104 CENTRE ARRUPE MADAGASCAR
105 MAMIMAD
106 NY ANGADY
107 PEACE MEKER
108 RADEAU
109 NY HO AVY MAMIRATRA
110 PSOME
111 COCO VELONA
112 ONG ROHY
113 AFO
114 CSA TANJONA
115 FEM DEV

### PSH ET CATEGORIES MINORITAIRES

116 FAAM
117 Accampagnateur FAAM
118 Association pour le redressement social des PSH de Mscar

### JOURNALISTES ET ACTEURS DES MEDIAS

119 VOX MADA
120 MALAGASY INVESTIGATION PRESSE
121 VIVA MAHAJANGA
122 AFM TSIVAHINY RADIO
123 TVM RNM BRICKAVILLE
124 RNM FIANARANTSOA
125 VAOVAO 24
126 JOURNALISTE FORMATEUR
127 DEPECHE INFORMATIVE TARATRA